Ny Finoana No Fandresentsika

Tombontsoa iray ny tonga eto izao hariva izao ao amin'ny asan'ny Tompo. Saingy zavatra mampalahelo anankiray tokoa fa tsy manana toerana hipetrahana ny olona, rehefa avy nanasa azy ireo izahay ho tonga, ary avy eo dia tsy misy toerana hipetrahana. Ary raha tonga aho, izao ankehitriny izao mihitsy, nahoana, dia nisy olona nanerana an'ireo varavarankely, sy teny aloha-sy-aorian'ireo làlambe, sy ny sisa. Ary tsy nisy—tsy nisy mihitsy aza toerana iray ho azy ireo mba hi-. . . hidirana ato amin'ny tranobe. Fa dia fiangonana anankiray tena kely mihitsy ilay izy.

2 Tsy nanao filazana mihitsy izahay. Ary na dia tao amin'ny gazety eto aza, izahay fotsiny. . . Oh, ny sasany amin'ireo sakaizanay dia niantso an-telefona, niresaka ny amin'ny hahatongavana mba hivavahana. Ary nilazanay izy ireo mba ho tonga fotsiny. Noho izany dia nanomboka niparitaka niandalana ireo vaovao, misy olona tonga avy tany Louisville, ary avy eo dia niteny tamin'ny olona hafa anankiray, dia olona anankiray. Fantatrareo, izany no niparitahan'ilay izy.

3 Tiako ny hahazo an'ilay sekoly ambony eto. Saingy izy ireo. . . Tsy afaka nahazo azy aho noho ny fisian'ny fianarana tao. Na, amin'izay fotoana izay dia mba afaka nanao filazana an'ilay izy isika. Tiako ny olona, ny olona eto an-toerana hahafantatra fa tsy miezaka ny hampanalavitra anareo amin'ilay izy izahay, fa fantatsika fotsiny fa tena ratsy ilay efitrano. Noho izany izahay, raha afaka nahazo an'ilay sekoly ambony izahay, dia ho nataonay izany, saingy tsy afaka izahay.

4 Koa, ankehitriny, izao hariva izao no ho hariva farany ho an'ireo boky ery aoriana ery, izay ananan'Atoa. Mercier sy izy ireo eto, ary ireo horonam-peo sy ny sisa.

5 Ary avy eo rahampitso maraina dia ny sekoly Alahady. Ary aorian'ny fahavitan'ny sekoly Alahady avy hatrany, raha sitraky ny Tompo, dia tiako ny hiresaka amin'ny toriteny evanjelistika, rahampitso maraina. Izany dia hanomboka amin'ny sivy sy sasany, heveriko, sa tsy izany, Rahalahy Neville? Amin'ny sivy sy sasany, no manomboka ny sekoly Alahady. Ary aorian'ireo kilasin'ny sekoly Alahady avy hatrany, dia tianay ny hiresaka ny lohahevitra avy amin'ny—avy amin'ny hafatra evanjelistika iray, antso iray ho an'ny mpanota. Ary ireo hariva ireo dia nomentsika indrindra, nanomboka tamin'ny Alahady hariva lasa teo, ho an'ny marary sy ny mila zavatra, ny ory.

6 Ary avy eo, rahampitso hariva, dia hiezaka isika, raha mety ho vitantsika, amin'ny fomba rehetra, ny handray an'ireo karatra fangataham-bavaka rehetra izay nozaraina. Ny rehetra izay tonga ka manana karatra fangataham-bavaka, isika . . . rehefa mifarana ilay hafatra, raha tsy maintsy mamela ny sasany any aoriana isika, ary avy eo dia mitondra an'ireo hafa, mba hahafahantsika manomboka an'ilay laharam-bavaka. Ho faly isika hanao an'izany.

7 Ary ireo karatra fangataham-bavaka ho an'ny rahampitso hariva dia ho zaraina aorian'ny sekoly Alahady amin'ny maraina. Aorian'ny sekoly Alahady mihitsy, mety eo amin'ny, angamba, amin'ny iraika ambin'ny folo sy sasany, amin'izay ireo—ireo karatra fangataham-bavaka no ho zaraina, rahampitso. Noho izany ianareo izay manana an'ireo malalanareo, sy ny sisa, izay ho tonga mba hivavahana, nahoana, dia ento eto izy ireny eo amin'ny, fara-faharatsiny amin'ny iraika ambin'ny folo, raha toa izy ireo ka tsy ho afaka ny ho tonga ho an'ilay Hafatra maraina.

8 Izany hoe, raha manana ianareo to—toeram-pivavahana anankiray, izay handehananareo, nahoana, izahay—izahay dia tsy hanala anareo amin'izany velively. Tianay fotsiny ianareo hahatsapa ho tena halalaka ny amin'izay hataonareo.

9 Tena sahirana mafy aho androany. Ary fotoana vitsy lasa mihitsy izay, tonga izy ireo, nanao hoe, "Eny, raha mandeha any ianao, dia afaka manomboka mitory teny izao ankehitriny izao ianao." Ilay izy, sahady, ilay tabernakla kely dia efa feno. Noho izany dia nieritreritra andininy vitsy fotsiny aho izay noheveriko fa ho resahiko, izao hariva izao.

10 Ary tiako ny hisaotra ny Tompo, voalohany, ny amin'ny rehetra izay Nataony ho antsika. Ireo tatitra avy tamin'ireo izay nivavahana, sy tao amin'ny fivoriana. Zavatra lehibe no niseho, ho an'ity toerana kely eto ity fotsiny. Ary tsy hoe mahazo tombony kokoa akory ny miakatra eto sy hivavahana manokana, fa ilay izy dia miharihary fa ireo olona any aoriana ao amin'ilay mpanatrika no tsaratsara kokoa noho ireo izay eto ambonin'ny lampihazo eto. Noho izany dia faly isika ny amin'izany. Tena mahafinaritra izany, ny mahita azy ireo mahazo an'ilay izy tahaka an'izany.

11 Ankehitriny, izao hariva izao, dia nifidy lahateny iray aho: *Ny Finoana No Fandresentsika*. Ary maniry aho ny hamaky ampahany iray avy ao amin'ny Soratra izay hita ao amin'ny Jaona Voalohany, ny toko faha-5 ary ny andininy faha-4.

> *Fa izay rehetra naterak'Andriamanitra dia maharesy an'izao tontolo izao: ary izao no fandresena izay maharesy an'izao tontolo izao, dia ny finoantsika.*

12 Ankehitriny, Teny tena mahafinaritra! Ny finoantsika no fandresena. Ary ankehitriny, miresaka ny amin'ny fandresena.

Nisy fandresena lehibe maro izay azo tao amin'izao taona lavabe izay nisian'ny olombelona teto an-tany izao.

13 Namaky boky anankiray aho ny amin'ny fanolorana an'i—an'i Paris, izay tao amin'ny, tao amin'ilay farany, na ilay Ady Lehibe Faharoa, dia tamin'ny nitondrana an'i Hitler tao Paris, teo amin'ilay Arc de Triomphe, nilaza izy ireo fa izany no tena fandresena hany ka nila ora maro izany ho an'ireo miaramila Alemana namindrana tamin'ny fandehan-gisa, nanitsy teo amin'ilay Arc de Triomphe. Raha nanao jery atrika i Hitler ka maizina avokoa ny habakabaka rehetra, teny ambony, nangina ny lanitra, tsy navela nihetsika ireo fiaramanidina. Tena fotoana iray an'ny fandresena tokoa, izany dia taorian'ny nahazoan'izy ireo an'ilay ady tamin'i Frantsa, ka natolotra an'i Alemaina i Frantsa.

14 Ary avy eo tany Londres, Angletera, dia nanana tombontsoa aho indray mandeha mba nahita tany, tao amin'ilay fivoriana, horonan-tsary iray izay nisy an'ilay . . . Ireo Rosiana no naka azy, izany dia tamin'i Berlin natolotra an'i Rosia. Ary ahoana fa ilay habetsahan'ny fitaovana ara-miaramila lehibe nampitampimbava, ireo tafondro lehibe izay nananan'izy ireo teo amin'ilay . . . nitaingina teo ambonin'ireo fiara mifono vy izay afaka nihodina manodidina; nandeha niditra tao Berlin fotsiny. Mila tsy ho hitanareo hoe ahoana no mbola mety hisian'ny aina anankiray. Fa isaky ny maily, ka ny tsirairay dia nitifitra amin'ny fitifirana mahitsy, teo amin'izay nihavian'izy ireo tahaka ny andiambalala lehibe. Ary dia narodan'izy ireo tamin'ny tany fotsiny izao i Berlin.

15 Ary rehefa, avy eo, dia nesoriny ireo fiara mifono vy an'izy ireo ka ilay—ilay miaramila an-tongotra dia niditra ary namafa, dia naniraka izy ireo ary naka an'Atoa. Stalin. Ary rehefa nentin'izy ireo izy, tamin'ny fiaramanidina, ka nipetraka ilay izy, dia nidina teny an-dàlambe ireo miaramila Rosiana rehetra ireo, arak'ilay twist sy famindra izay nanaovan'izy ireo azy, amin'ny maha-pandresy, ilay famantaran'ny mpandresy Rosiana. Ary ahoana ilay nanaovan'i Stalin jery atrika rehefa namindra teo amin'ireo làlamben'i Berlin ireo miaramila iray alina, rehefa lasa lavenona izany. Ary rehefa noviraviraina teny an-dàlambe ireo vehivavy Alemana, ary ny kely, novonoina, ka ny sasany tamin'izy ireo nodorana, sy ny sisa, saingy izany no tena fandresena iray ho an'i Rosia.

16 Avy eo dia nolazaina tamiko fa i Napoleon, ilay mpandresy lehibe an'ny andro lasa anankiray . . . Taona vitsy lasa izay, teo amin'ny dimy taona teo, dia nanana tombontsoa aho mba nijanona teo akaikin'i Waterloo. Ary izaho dia . . . naka boky kely anankiray tany, ary namaky ny fiainan'i Napoleon aho. Nankahala ny Frantsay izy. Tonga tany Frantsa izy, teraka tao amin'ny nosy iray, ary tonga tao Frantsa mba hamaly faty azy ireo, saingy lasa mpandresy malaza iray izy. Lehilahy nahalala

fomba iray izy, tany am-panombohana. Saingy fahombiazana no tonga tao an-dohany.

17 Ary voalaza fa ireo vehivavy, rehefa handeha hametraka an'ireo zanany kely eo am-pandriana izy ireo, fa tena natahorana loatra izy . . . Vonoiny ho faty daholo ny zavatra rehetra izay tsy mifanaraka aminy. Fa, ireo vehivavy, raha tokony hanao hoe, "Ho azon'ilay rakakabe antitra ianao," dia hoy izy ireo hoe, "Ho azon'i Napoleon ianao." Ary ireo ankizy kely mangira-maso dia hampiditra ny lohany ao ambanin'ilay firakotra, haingana mihitsy, mieritreritra an'ilay Napoleon mampatahotra be.

18 Fa, hitanareo, ilay fandresena izay azony dia tsy naharitra. Mpisakana anankiray izy, tany am-panombohana, nefa maty teo amin'ny faha-telo amby telopolo taona, mpisotro alikaola anankiray.

19 Ny fandresena amin'izany karazany izany dia tsy maharitra, satria tsy voamboatra tsara ilay izy. Tsy afaka hahazo ny tsara avy ao amin'ny ratsy mihitsy ianareo. Tsy maintsy milalao an'ilay fitsipi-dalao tsara ianareo.

20 Ary ny tsirairay aminareo dia mahafantatra, fa ao amin'ireo lalao olympika na fanaovana fanatanjahan-tena hafa, tsy mampaninona na dia ianareo aza no tonga voalohany ao amin'ilay hazakazaka, nefa raha tsy nilalao an'ilay lalao arak'ireo fitsipika ianareo, dia tsy tafiditra ianareo. Tsy maintsy milalao an'ilay fitsipika marina ianareo.

21 Ary izany ilay fomba eo amin'ny fiainan'olombelona. Tsy afaka milalao an'ilay lalaom-piainana ratsy ianareo nefa manantena ny handresy. Tsy maintsy milalao an'ilay izy araka ny Tenin'Andriamanitra ianareo sy ny tanjona izay nitondrana anareo eto.

22 Ankehitriny, misy olona maro be izay toa tsy mba manana karazana tanjona iray eo amin'ny fiainana, indrindra amin'izao andro izay iainantsika ankehitriny izao. Ny olona dia toy ny mihevitra fotsiny fa ny tokony hataon'izy ireo dia ny miaraka amin'ny olona anankiray hafa, miaraka amin'ireo lamaodin'izao tontolo izao, ary miaraka amin'ireo famitahana izay omen'izao tontolo izao ho azy ireo.

23 Tahaka an'izao mihitsy izany, raha mandeha any an-tsekoly ianareo ka ny sasany amin'ireo zazavavy kely manao akanjom-behivavy anankiray, na fitafiana, na izay tianareo hiantsoana azy, ny faniriana rehetra an'ireo sisa ao amin'ilay sekoly dia ny haka modely an'io zazavavy io. Ny sasany amin'ireo vehivavy dia mahita ramatoa mivoaka eo amin'ny televiziona, ary mitafy lamaody anankiray, eny, ka ny fanirian'izy ireo dia ny hitafy sy hanao tahaka an'izany. Ary izany dia mitovy amin'ny hoe saiky ny fetran'ny fanirina Amerikana fotsiny, dia ny hanana asa vaovao, na hahazo fisondrotana amin'ny karamanareo, sy hahazo televiziona anankiray, na fiara vaovao anankiray.

24 Mamelà ahy hilaza an'izao. Mety ho tsara ireo zavatra ireo, saingy misy faniriana ambony kokoa noho ireo zavatra ireo ao amin'ny fiainan'olombelona. Ary ireo Kristiana dia tokony hametraka an'ireo fitiavany eo amin'ireo faniriana ambony kokoa.

25 Ataoko fa ho tombony ho antsika rehetra ny mipetraka ka manontany tena hoe nahoana isika no eto, amin'ny voalohany. Ary mba Iza ilay karazana tsara izay mitondra antsika eto, tokony hihevitra an'izany isika ka hangataka Aminy an'izay Hasainy ataontsika, ny tanjon'ny fahatongavantsika, mba hanatanteraka an'izay Nokendreny ho antsika. Saingy isika dia toa maniry fotsiny ny hifikitra amin'izao tontolo izao.

26 Ankehitriny, ny Baiboly no nilaza fa afaka mandresy an'izao tontolo izao isika. Ary ahoana no hanaovantsika an'izany? Tsy amin'ny fifikirana amin'ireo lamaodin'izao tontolo izao. Fa ny Baiboly dia nilaza fa ny finoana no fandresena izay mandresy an'izao tontolo izao.

27 Izany dia mampahatsiahy ahy indray mandeha fa ny . . . Tsy tiako ny milaza an'io teny io, saingy amboalambo iray izay tonga teo am-baravarana fotsiny izy. Ary hoy izy hoe, "Afaka manome ahy mo—mofo misy hena iray ve ianao?"

28 Hoy aho hoe, "Izany tokoa. Afaka mandroso ve ianao?" Ary raha tokony hanao mofo misy hena iray ho azy, dia nihevitra aho fa hanamboatra zavatra anankiray ho azy mba ho hanina. Ary nanamboatra ho azy an'izay azoko natao teo an-toerana aho, ary nametraka azy mba hihinana. Ary rehefa nihinana izy, dia nihevitra aho fa afaka hiresaka aminy aho, teo am-pahitana fa izy dia mpi—mpitety tany anankiray. Dia hoy aho hoe, "Avy taiza ianao?"

29 Nanainga kely fotsiny ny sorony izy, ary nanao hoe, "Tsy taiza na taiza."

Hoy aho hoe, "Hoy aiza àry ianao?"

30 Dia nijanona tsy nihinana izy, ary nijery ahy, dia hoy izy, "Tsy ho aiza na ho aiza." Nijery manodidina izy ary nitelina vongana be iray, ary hoy izy hoe, "Tompoko, any amin'izay hitsaharan'ny satroko, dia any no itsaharako."

Hoy aho hoe, "Hitako." Hoy aho hoe, "Efa oviana no nanaovanao an'izao?"

31 Hoy izy hoe, "Oh, telopolo taona izay, na mihoatra." Tsy misy faniriana mba—mba hanatsara kokoa ny tenany!

32 Ankehitriny, izany mihitsy no tokony ho fihetsiky ny olona. Ilay antsoiko mihitsy hoe "mpitsingevana, mpitsinkafona." Ary ireo olona izay mikambana amin'ny fiangonana dia saiky mitovy amin'izany. Mazàna aho no mieritreritra ny amin'ny hoe "mitsinkafona, hazo mitsingevana." Ny hazo mitsingevana, dia mihantona fotsiny eo amin'ny karazan-doto rehetra. Saiky toy

izany no ataon'ireo mpitsinkafona ao amin'ny fiangonana na aiza na aiza.

33 Ankehitriny alaivonareo ny onja iray, tahaka ny onjampiainana, ary feno hazo mitsingevana mihantona eo amin'ny antontam-pahalotoana tsirairay. Ary, kanefa, tonga ilay lakana, vita tamin'ny hazo, ihany koa. Saingy raha voamarikareo, ilay hazo dia natao sy novolavolain'ny mpampianatra iray izay nanamboatra an'ilay lakana. Tsy voavolavola fotsiny ihany ilay izy, fa notarihin'ny mpampianatra iray, ary natosiky ny hery iray izany.

34 Ary isika rehetra dia vita avy ao amin'io karazan-javatra mitovy io. Ilay izy dia miankina fotsiny amin'ny hoe ahoana no izoran'ireo fanirianareo. Sitrakareo ve ny hamela an'ilay mpampianatra Taozavatra hanao, avy ao aminareo, an'izay Azony ampiasaina, sy izay Azony fehezina, ary izay Azony ampandehanina?

35 Raha io tao-zavatra kely izay namboarina ho hafa io, ary tao-zavatra nivoaka avy tao amin'ny tànan'ilay mpampianatra, no mety hiraikitra amin'ireo bozaka ao anatin'ireo rano marivo, dia misy hery anankiray aoriany ao, karetsaka kely iray izay azon'ilay mpampianatra ahodina, dia manosika azy mankany amin'ireo lalina indray.

36 Andriamanitra dia te-handasitra sy hanao antsika arak'izay Tiany haha-izy antsika. Saingy ahoana no ahafahantsika manao an'izany, na ahafahan'Andriamanitra manao an'izany, raha tsy hipetraka tsara mihitsy isika Hanaovany an'ilay izy? Te-ho mpampianatra antsika manokana isika. Te-hihevitra amin'ny fomba fiheverantsika manokana isika.

37 Ary betsaka ny olona tonga ao amin'ny fiangonana, dia mikambana amin'ny fiangonana, sy mametraka ny anarany ao amin'ilay boky, ary tsy mihevitra an'izay inoan'ilay fiangonana akory aza, na mandinika tsara an'izany fiangonana izany, hoe ahoana no itorian'izy ireo ny Tenin'Andriamanitra, na mba manohana ny Filazantsara feno izy ireo na tsia, na maka fotsiny ampahany iray ka manampy fanekem-pinoana iray. Mitsinkafona, mitsingevana, tsy mety hahavita na inona na inona mihitsy.

38 Fa mamelà ahy hiteny zavatra iray aminareo, izao hariva izao, ianareo ato anatiny sy any ivelan'ity tranobe ity. Ho tonga eo amin'ny fiafarana anankiray ianareo indray andro any, izany dia ho tonga eo amin'ilay lohasahan'ny aloky ny fahafatesana. Hanoro hevitra anareo aho amin'ity ora ity, mba hiomana hihaona amin'Andriamanitra izay tsy maintsy hihaonanareo amin'izany ora izany. Na ianareo hihaona Aminy amin'ny mahasangan'asa iray izay Niasany, na tapaka hazo mitsinkafona iray mitsingevana hiditra ao amin'ilay fiafaranareo farany. Noho izany dia aza mampiasa an'ity fiainana ity mba hitsingevanana

fotsiny, na hitsinkafonana, sy—sy hanana asa tsaratsara kokoa, sy hitafiana tsaratsara kokoa, sy hahazoana televiziona vaovao anankiray, na—na fiara tsaratsara kokoa anankiray. Mbola ambony lavitra noho izany ny fiainana. Aza miezaka ny hampiasa azy fotsiny ianareo hanaovana hoe, "Eny, raha mikambana amin'ny fiangonana ny sisa amin'izy ireo, izaho dia hikambana, ihany koa."

39 Rehefa mikambana amin'ny fiangonana ianareo, dia tokony hikaroka aloha ianareo, ary hahita hoe inona no tohanan'ilay fiangonana. Toerana anankiray fotsiny ihany izay iarahan'ny olona miangona ho an'ny fiombonana ve ilay izy? Na, toerana iray izay mitory ny Tenin'Andriamanitra velona ve ilay izy, ka manohana ny fitsipika rehetra izay nahafatesan'i Jesosy? Tsy maintsy ataonareo izany. Aza mitsinkafona fotsiny ao dia manaraka an'ilay fisondrotan'ny rano. Satria, "Ety ny vavahady, ary tery ny làlana izay mitondra any amin'ny Fiainana, ka vitsy ireo izay hiditra ao." Satria, "Malalaka ny làlana izay mitondra any amin'ny faharavana, ka maro no ho tafiditra ao."

Tsy maintsy manana tanjona ho an'ny zavatra anankiray isika.

40 Ankehitriny, tsy tahaka an'izany tamin'ny andro fahiny, na amin'izao andro izao, fa rehefa manatona an'Andriamanitra ny olona anankiray, dia manana tanjona amin'ny nanaovana an'izany izy. Raha toa ka ny hitsingevana fotsiny miaraka amin'izany fiangonana izany no tanjonareo, na hijery an'Andriamanitra ilay izy?

41 Daniela, rehefa nentina nankany Babylona izy, na dia lasa lavitry ny tranony aza izy, ary tsy maintsy ho lasa andevo ho an'ny firenen'olon-kafa izy, saingy nanana tanjona tao am-pony i Daniela, tsy nampaninona izay nataon'izy ireo taminy, dia tsy nety nandoto ny tenany tamin'ny fahotan'ny Babyloniana izy.

42 Oh, raha mba manana lehilahy mahery fo tahaka an'izany isika, izay hanana tanjona ao am-ponareo, "Raha Kristiana iray aho, dia hitady an'ilay fitahian-Danitra izay ahy aho, ka hitaky an'izany. Raha ny Baiboly no mampianatra fa afaka mahazo ny Fanahy Masina aho, dia hijanona amin'ny lohaliko aho mandrapahatongan'Andriamanitra manome ahy ny Fanahy Masina, fa tsy hitsingevana fotsiny."

43 Namaky ny tantaram-piainan'i Uncle Buddy Robinson antitra aho fotoana vitsy lasa izay. Ary izy dia tena lehilahy nalaza tokoa, ary le—lehilahy mahafinaritra anankiray, ary lehilahin'ny finoana. Ary nanomboka noana ny Fanahy Masina izy, satria ny Baiboly no nampianatra an'izany. Ary nolazaina fa indray andro dia namboly katsaka izy. Ary najanony ilay ampondrany antitra, Alex, ary nidina tao amin'ilay laharankatsaka izy ka nanao hoe, "Andriamanitra, raha tsy manome ahy ny batisan'ny Fanahy Masina Ianao, rehefa hiverina eto an-tany

Ianao dia hahita ahy ho taolana mitsirara eto mihitsy Ianao." Izany no atao hoe manana tanjona ao amin'ny fonareo. Izany no atao hoe tena miditra amin'ny asa.

44 Rehefa manana an'io karazana tanjona io ianareo ao am-ponareo, dia hanokatra an'ireo varavarankelin'ny Lanitra Andriamanitra. Hisy zavatra hiseho. Tsy maintsy hiditra amin'ny asa miaraka amin'Andriamanitra ianareo, ary hanana tanjona iray, sy fankasitrahana Azy noho ny namonjena anareo.

45 Ary rehefa nanana tanjona tao am-pony i Daniela, dia nasain'ny Devoly noporofoiny izany, saingy hitantsika fa izany no nijoro tsara teo anatrehan'ny liona noana anankiray.

46 Ary ny lehilahy iray izay manatona an'Andriamanitra ka tena, ao anatin'ny fony ao, dia mahita finoana anankiray mitoetra, dia izany no hijoro tsara eo amin'ilay vavan'ny fahafatesana, na eo amin'ilay vavan'ny aretina, na ilay vavan'ny alahelo. Hijoro tsara izany, satria ny finoana no fandresena. Tsy maintsy mandresy amin'ny alàlan'ny finoanareo ianareo.

47 Abrahama, lehilahy iray fotsiny izay tsy nanana tanjona voafaritra teo amin'ny fiainana, niaraka tamin'ny rainy sy ireo sakaizany fotsiny, avy tany Babylona. Nitoetra tao Sinara izy ireo, ary nanorina an'ilay tilikambo tao izy ireo, sy ny sisa. Ary izy ireo . . .

48 Indray andro, raha mbola nivavaka i Abrahama, tsy isalasalana, fa nivavaka tanteraka izy, mandra-pikasiny ny tànan'Andriamanitra. Ahoana no nanaovany an'ilay izy? Tamin'ny alàlan'ny finoana. Angamba izy nieritreritra tahaka an'izao hoe, "Raha misy Andriamanitra iray Izay nanao an'ilay sambo-fiara, ka namela an'i Noa hitsinkafona tanteraka, dia mbola velona Izy androany." Tany ho any tao amin'ny tanin'ireo mpanompo sampy, izay nisy azy ho—ho mpivahiny iray, dia nikasika ny tànan'Andriamanitra izy. Ary tany, dia nomen'Andriamanitra fanambarana iray izy fa misy Tanàna iray Izay ny Mpanorina sy ny Mpanao azy dia Andriamanitra.

49 Ary mamaky an'izany isika, ny fiainan'i Abrahama rehetra, dia mpivahiny sy vahiny izy ho an'izao tontolo izao, fa ny faniriany tokana dia ny hahita an'ilay Tanàna Izay ny Mpanorina sy ny Mpanao azy dia Andriamanitra. Nahakasika zavatra izy. Nahatratra an'Andriamanitra izy, sy finoana an'io Andriamanitra io, ka nahita mialoha an'ilay Jerosalema Vaovao. Ary napetrany tao an-damosiny ny entany ka dia lasa mpanjenjena anankiray izy. Tsy hoe mitsinkafona fotsiny amin'izany, tsy misy tanjona iray; nanana finoana izy fa misy Tanàna iray Izay ny Mpanorina sy ny Mpanao azy dia Andriamanitra, Tanàna Mandrakizay anankiray. Nanana tanjona iray izy teo amin'ny fiainana, dia ny hahita an'io toerana io.

50 Afaka milaza aho eto, fa, indray andro rehefa vita ilay ady, dia nihaona tamin'ilay Mpanjakan'io Tanàna io izy. Ary Izy no nanome azy ny fandraisana, mofo sy divay; Melkizedeka.

51 Oh, tsy afaka mikendry zavatra avy amin'ny teny fikasan'Andriamanitra ianareo, ao am-ponareo, raha tsy mahita ny maha-misy an'ilay izy. Raha ampijalian'ny fahotana sy ny fisalasalana ny fanahinareo, sy ireo ambony-sy-ambany ary fahadisoam-panantenana, ka misy zavatra ao anatinareo ao izay miteny aminareo fa misy any ho any izay hahafahanareo mandresy an'izany, nahoana àry ianareo no mitsinkafona mitety fiangonana sy mitety toerana? Mandohaleha fotsiny mandrapikasikareo ny Lanitra.

52 Araky ny nolazaiko omaly hariva, mandehana any ankoatr'ireo rindrin'ny feo, dia hanana tanjona iray ianareo eo amin'ny fiainana. Hanana tanjona iray ianareo amin'ny fikambanana amin'ny fiangonana. Hanana tanjona iray ianareo amin'ny fanaovana batisa. Hanana tanjona iray ianareo amin'izay rehetra tadiavinareo. Satria, fantatsika fa mahitsy fo Andriamanitra, ary marina Andriamanitra, ary tsy afaka mandainga Andriamanitra.

53 Ary raha nametraka an'izany tao am-pon'i Abrahama Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny Feony, ny Teniny, amin'izay fotoana izay dia Andriamanitra no nametraka tao, eo anatrehantsika, ao amin'ny Baiboliny, ary amin'ny alàlan'ny fijoroana vavolombelon'ny Fanahy Masina, amin'ny alàlan'ny fiverenan'ny Fanahy Masina ao amin'ireo famantarana sy fahagagana, fa mbola velona Jesosy Kristy, ary tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Noho izany dia nahoana isika no mbola hitady foana an'ireo zavatra izay iriantsika?

54 Raha mila ianareo, ny ilaina rehetra, izay rehetra nampanantenain'Andriamanitra tao amin'ny Baiboliny, eto Izy izao hariva izao hanatanteraka an'izany ilaina izany. Tsy mila mitady lavitra. Eto ny Fanatrehany. Eto ny Fanahiny. Ary manaiky Izy, sy vonona, ary maniry mafy ny hanome anareo an'izay tena tadiavinareo. Nahoana ianareo no hiandry ela?

55 Rehefa manatona Azy ianareo, dia aza manatona tahaka ny mpitsinkafona iray hoe, "Hiakatra aho ary hanandrana an'ilay izy ka hahita raha mety ilay izy." Tsy ho tonga na aiza na aiza mihitsy ianareo.

56 Fa, rehefa manatona miaraka amin'io karazana finiavana io ianareo, ka namidinareo avokoa, ny vata, ny biby fiompy, ary ny barika; rehefa leo an'izao tontolo izao ianareo, sy ny fahotana, sy ny tsy finoana, sy ireo fahadisoam-panantenana, sy ireo fisalasalana, ka manatona an'Andriamanitra velona, miaraka amin'ny vatofantsika iray azo antoka fa mifahatra ao amin'ilay Vatolampin'ireo Taona; eto ny Fanahy Masina hisintona anareo ho ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra velona, izay hanome

anareo finoana iray izay handresenareo ny zavatra rehetra misy eto amin'izao tontolo izao, fahararianа, aretina, ary na dia ny fahafatesana izy tenany aza.

57 Hoy ianareo hoe, "Hoy ianao hoe 'ny fahafatesana,' Rahalahy Branham." Fa izany mihitsy no tiako nolazaina: ny fahafatesana.

58 Tsy izany ve Lazarosy izay maty nitsitra tao anaty tany, ary efa niditra sahady ny fahalovana, rehefa hoy Jesosy tamin'i Marta hoe, "Aiza no nandevenanareo azy? Ary raha tsy misalasala ianao, dia ho hitanao ny voninahitr'Andriamanitra"?

59 "Tsy efa nilaza taminao ve Aho tsy hisalasala?" Hoy Izy tamin'i Jairo tamin'io hariva io, na tamin'io andro io. "Raha hino fotsiny ianao, dia ho hitanao ny voninahitr'Andriamanitra." Noho izany dia ny finoana no mandresy ny fahafatesana. Ny finoana no fandresena ny fahafatesana. Ny finoana no fandresena ny fahotana. Ny finoana no fandresena ny fahararianа. Ny finoana no fandresena ny tahotra. Ny finoana no fandresena an'ireo fahadisoam-panantenana. Ny finoana no fandresena an'izao tontolo izao.

60 Hoy ianareo hoe, "Jaona, rehefa nanoratra an'izany izy, tsy nanana an'ireo olako izy. Tsy nila nifanaraka tamin'ny olona izay nifanarahako izy. Tsy nila niaritra an'ireo zavatra izay ataoko izy." Marina izany.

61 Mety tsy nila nifanaraka tamin'izany olona izany izy. Mety tsy nila nandresy an'ilay zavatra mitovy izy. Saingy tsy nanaisotra azy ireo mihitsy izy, fa izao no nolazainy hoe, "Ny finoana no fandresena izay mandresy an'izao tontolo izao," ny zavatra manontolo. Ahoana izany? Ataovy ao anatin'izany ny finoana. Mandehana eo ambonin'izany. Rehefa manana an'ilay Tenin'Andriamanitra voasoratra isika mipetraka eo anatrehantsika, ka ny Fanahy Masina eto no manao sy maneho ny fitsanganan'ny Tompo Jesosy, miaraka amin'ireo teny fikasana avy amin'Andriamanitra voasoratra eto, hoe, "Izay zavatra rehetra irianareo rehefa mivavaka ianareo, dia minoa fa voarainareo izany, dia ho azonareo izany." Inona àry izany no tokony hataonareo? Manàna finoana. Tsy finoana mitsinkafona fotsiny, tsy finoan'ny mody mpino fotsiny, fa tena finoana anankiray.

62 Ankehitriny, ny finoana dia mpandresy iray. Ny finoana dia mpampandresy iray. Izy dia tsy mpa—mpampilamina iray fotsiny. Mandresy izy. "Ny finoana no fandresena izay mandresy an'izao tontolo izao." Inona no ataony? Inona ny finoana? Inona ny hoe, "mpandresy"? Ny mandresy sy ny fandresena dia mitovy. Ny *mandresy*, ny dikan'izany dia "mandavo; tsy mitontaly; mametaka rojon-gadra; mandefa any an-tranomaizina." Izany dia midika fa ny fahotana izay nanapaka anareo fahiny, dia ianareo no manapaka azy ankehitriny. Izany dia midika fa nandresy azy ianareo. Ianareo dia . . . Nokaravasianareo izy.

Ianareo no lehibe noho izy. Oh, mahatsapa ho mpivavaka mihitsy aho ankehitriny!

63 Iza no voalohany, ny mpanota sa ny Mpamonjy? Ny Mpamonjy, satria ny Mpamonjy no mahery kokoa noho ny fahotana. Iza no voalohany, ilay mpanasitrana sa ny aretina. Tsy mety ho mpanasitrana Izany raha tsy ambonin'ilay aretina Izy. Mpanasitrana Izany, afaka mandresy ny aretina Izany.

64 Ary ny finoana no fandresena izay mandresy ny ozona rehetra avy amin'ny Devoly. Ny finoana no fandresena. Finoana ao amin'ny inona? Tsy finoana ao amin'ny fiangonanareo, tsy finoana ao amin'ny fanekem-pinoanareo, tsy finoana amin'ny lehilahy anankiray. Fa, finoana ao amin'i Jesosy Kristy Izay nanao ny teny fikasana, izany no fandresena. Inona izany? Izany no fandresena. Hoy ianareo, "Mbola kilemaina foana ny sandriko." Fa ny finoana no fandresena. "Mbola mahatsapa ho marary foana aho." Fa ny finoana no fandresena. Oh, izany no mandresy an'izao tontolo izao.

65 Rehefa afaka mihanika any amin'Andriamanitra ianareo, amin'ny alàlan'ny vavaka, mandra-pahitanareo an'ilay zavatra resinareo eo ambaninareo, dia tsy misy na inona na inona afaka handratra anareo amin'izay fotoana izay. Nandresy ianareo. Manana efitrano malalaka dimampolo maily ianareo. Misosa an-kalalahana ianareo amin'izay fotoana izay.

66 Ianareo izay efa mamolava sy andevon'ny whisky, ianareo no ho tompony ambony amin'izay fotoana izay. Io devoly tranain'ny alikaola izay nampisotro anareo io, izy no tomponareo ankehitriny; fa rehefa manana finoana ianareo, tsy ny mody mpino no tiako ho lazaina, fa ny tena finoana, dia izy no mpanomponareo amin'izay fotoana izay.

67 Ianareo izay tsy afaka mijanona amin'ny paraky, ianareo vehivavy sy lehilahy, rehefa tonga eo amin'ny toerana iray izay hahafahanareo hahatratra an'izany faritra izany ilay izy, eo amin'izay nandresenareo azy tamin'ny alàlan'ny finoana, dia ianareo no hampanompo azy amin'izay fotoana izay.

68 Vehivavy kely iray izay mipetraka manatrika eto ankehitriny, teto amin'ity alitara ity izy, isan'andro isan'andro isan'andro. Vehivavy tsara anankiray, saingy nanomboka nifoka izy, efa ela izay. Ary tsy afaka nandresy an'izany mihitsy izy. Dia niakatra izy, ary nivavaka niaraka taminy aho, ary toy ny hoe tsy afaka nandresy an'izany mihitsy izy. Ary ny—ny zavatra voalohany fantatrareo, niteny taminy aho teto, hoy aho hoe, "Hisy loza eny an-dàlana."

69 Hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, efa nitomany aho, efa nitalaho aho." Hitanareo, ara-pihetseham-po fotsiny, miady amin'ny rivotra, tsy hahasoa mihitsy izany.

70 Ary nidina aho ka nivavaka niaraka taminy, ary nametraka ny tànako teo aminy, ary lasa nody izy. Ary—ary andro vitsy, dia

nihaona taminy indray aho, mamoaka fotsiny aminareo an'ilay setro-tsigara, ireo tànana mbola mavo foana.

71 Ary indray hariva, tany lavitra tany, dia nandeha tany amin'ny dokotera izy. Nanomboka narary sy nalazolazo, hany ka zavatra iray manify kely fotsiny. Ary nandinika azy ilay dokotera, dia hoy izy hoe, "Homamiadana! Mifoka sigara!" Teo izy, nandry teo ho faty, avy eo dia nandeha niasa izy. Hitanareo? Ny olona maty an-drano anankiray dia hanakatra mololo iray. Raha mbola afaka mivoaka amin'ity fiangonana ity ianareo izao hariva izao, mahafantatra fa afaka mandeha mikambana amin'ny Metodista ianareo na Batista. Raha mbola afaka mipetraka eto foana ianareo ka manao hoe, "Ankehitriny fotsiny aho dia . . . Olona tsara anankiray aho. Tsy misy na inona na inona ratsy amiko." Hia, tsy mahavita na inona na inona aminareo ianareo. Marina izany.

72 Fa rehefa hitanareo ireo fahotanareo tahaka ny ahitan'Andriamanitra azy ireo, ao amin'ny hazavan'ny Baiboliny; rehefa mahita ianareo, dia na hibebaka ianareo na ho faty. Hisy zavatra anankiray hiseho. Hanomboka hiasa ianareo.

73 Raha mivoaka eto ianareo, ka fahasemporana iray no manodidina ny fonareo. Ilay dokotera any ambadika any angamba hitsangana, dia ho avy, handinika, hanao hoe, "Aretim-po io." Hanomboka hiasa ianareo.

74 Tamin'izany no tsy maintsy nanombohany niasa. Ary mipetraka io vehivavy io, mijery ahy ankehitriny.

75 Ary iry aoriana iry Rahalahy Roberson, ary eto Atoa. Woods, mipetraka eto any ho any Rahalahy Woods, ary izaho, nandeha nihaza izahay, mino aho, tany ho any, tao anaty kamiao. Ary toy ny nanosika anay handeha any amin'ny làlana miakatra mandalo eo amin'ireo mivohitra ilay Fanahy Masina, teo amin'izay nisy azy. Ary rehefa tonga teo aho, dia nahazo nofy iray izy. Ary rehefa niditra tao amin'ilay efitra ny Fanahy Masina, ka tena tsy maintsy niasa tokoa izy, dia tsy nifoka sigara intsony izy nanomboka tamin'io. Ary dia nahazo lanja amina livatra maro izy, ary tsy afaka nahita soritra iray an'ny homamiadana izy ireo.

76 Inona izany? Izany no finoana izay mandresy. Nahoana ilay izy no tsy nandresy tamin'izaho nivavaka ho azy teto? Nanidintsidina teny fotsiny izy. Fa rehefa miteny ilay dokotera hoe, "Tratry ny homamiadana ianao ary ho faty," dia tsy maintsy niasa izy. Izany no fomba haha-izy azy, rehefa tsy maintsy miasa ianareo. Nahoana no miandry an'izany ela be izany? Nahoana no tsy manomboka miasa ankehitriny? Apetraho amin'Andriamanitra ny finoanareo. Ahoana moa raha nanana finoana ahy ilay vehivavy? Ho tsy fahombiazana anankiray izany, satria olombelona anankiray aho. Fa rehefa nanova ny finoany izy, tsy tamin'ny Branham Tabernacle na tamin'i

William Branham, na tamin'ny anankiray hafa, fa nametraka ny finoany tamin'i Jesosy Kristy, tamin'izay fotoana izay dia nahazo finoana izy. Nitsangana teo ambonin'ny tahotra rehetra sy ny fisalasalana izy, dia nanasitrana azy Andriamanitra. Ary, oh, nandresy izy. Ny finoana no fandresena izay mandresy.

77 Manontany tena aho matetika, inona no itiavan'ireo Kristiana mampanidintsidina ny tenany amin'ireny zavatra ireny na izany aza? Ireo lehilahy sy vehivavy dia manatona ahy, im-betsaka, ka milaza, ao amin'ny fiaikeny sy ny sisa, rehefa manao an'ireny fifampiresahana manokana ireny aho, ary izy ireo, mihaona amin'izy ireny isika, tonga, manao ny fiaikeny fa niaina am-paharatsiana sy ireo—ireo karazany rehetra. Satria, tsy azon'izy ireo lavina ilay izy; eto mihitsy ny Fanahy Masina. Raha miezaka ny hanarona an'izany izy ireo, dia havoakan'Izany avy ao amin'izy ireo mihitsy ilay izy. Noho izany dia mety amin'izy ireo tsara ny milaza an'ilay izy. Raha miezaka ny miala izy ireo, dia ny Fanahy Masina no mampijanona azy ireo, manao hoe, "Iray minitra fotsiny, ity misy zavatra izao-sy-izao." Noho izany rehefa tonga izy ireo, dia manomboka miteny amiko an'ireo zavatra kelin'izao tontolo izao. Ary voamariko izany eo anivon'ireo mpino. Mandeha any ho any ianareo. Inona no mampitsingevana anareo? Raiso ny faniriana iray mikasika anareo. Apetraho eo amin'i Kristy ny tanjonareo, ary ajanony ny fitoviana amin'izao tontolo izao.

78 Raha haka magazina iray ianareo, hilaza io hoe, "Ankehitriny, ireo mpanasitrana avy amin'Andriamanitra an'izao andro izao? Tsy misy izany mpanasitrana avy amin'Andriamanitra izany." Izany no hametraka fisalasalana iray ao an-tsainareo.

79 Olona anankiray no mankao amin'ny radio ka milaza, oh, mitory toriteny tena tsara iray, saingy hoy izy hoe, "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana," dia hanohana an'izany ianareo. Hitanareo, izany no mampalemy anareo.

80 Amidio daholo! Mahitsia miaraka amin'Andriamanitra! Na ianareo hijanona amin'ny maha-izy anareo, na tsy hijanona mihitsy. Raha tsy mampianatra anareo an'izany ny Baibolin'Andriamanitra, dia manalavira an'izany. Raha mampianatra anareo an'Izany Izy, dia mijanona miaraka amin'Izany.

81 Izany dia mampahatsiahy ahy an'izao. Ohatra hoe ahoana moa raha handeha hanao dia kely anankiray isika, ao anatin'ny telopolo andro manomboka izao, ho any amin'ny tany hafa anankiray? Ary ao amin'io tany io, dia tena mahafinaritra ny toetr'andro, hany ka tsy te-hiverina intsony mihitsy isika. Ary any isika dia tsy natao ho faty intsony na ho antitra, fa hiaina mandrakizay any fotsiny isika. Azoko eritreretina ve ny mahita anareo mandeha any amin'ilay mpivarotra entana mora-vidy,

mividy fakofakon-javatra be dia be ho entina miaraka aminareo? Tsy maintsy hiezaka ianareo hanala an'izay fakofakon-javatra anananareo.

82 Ary raha manakorontana ny tenanareo fotsiny ianareo, amin'ny fikambanana amin'ny fiangonana anankiray ary avy eo dia amin'ilay hafa, dia hanangona fakofakon-javatra betsaka indray ianareo. Fa raha hieritreritra an'izay halehanareo ianareo, dia hanala betsaka an'io fisalasalana sy fahadalana io. Hanana ny tena finoana ianareo. Miteny amin'ny olona aho . . .

"Ianao ve no Rahalahy Branham izay mivavaka ho an'ny marary?"

"Hia."

"Eny, mifanohitra amin'ny finoako izany."

"Noho izany dia tsy manana finoana mihitsy ianao. Ny Baiboly dia mampianatra an'izany."

Ary ankehitriny dia maro be ny olona izay miditra ao amin'ilay laharana, ka hoy izy ireo hoe, "Eny, manana ny finoana rehetra aho."

"Koa inona no ataonao eto? Ah-hah. Oh, tsy izany ilay izy."

83 Tsy mahalala faharesena ny tena finoana. Tsy mety resy izy. Na dia ny fahafatesana izy tenany aza tsy afaka maharesy azy. Tsy mahalala faharesena izy. Ireo fizahan-toetra no mahalala faharesena, fa ny finoana tsy mahalala faharesena. Tsy mety resy izy. Ary izy irery ihany no fomba izay hahafahanareo hahafaly an'Andriamanitra. "Fa raha tsy amin'ny finoana dia tsy misy azo atao hahafaly an'Andriamanitra," hoy ny Hebreo 11.

84 Ary ao amin'io toerana io, dia azoko eritreretina ve fa ianareo dia handeha, ny sasany aminareo dia Kristiana mpiteny kivalavala, mampiasa an'ireo teny tsy maotina, maloto, kanefa dia mikambana amin'ny fiangonana? Azoko eritreretina ve fa ianareo dia handeha any amin'ny tany hafa, ary avy eo dia handeha hihodinkodina manerana an'i Amerika, hianatra ny kivalavala Amerikana rehetra izay fantatrareo, izay ho renareo? Azo antoka tokoa, fa tsy hanao ianareo. Ny zavatra izay ezahanareo hatao, dia ny hianatra teny vitsivitsy avy ao amin'ilay fiteny any, marina izany, toy ny miteny hoe, "Manao ahoana ianao?" na izany aza.

85 Ary heveriko fa izany no tokony—izany no tokony nananan'ny Kristiana betsaka, amin'izao andro izao, raha mba niezaka ny nianatra fitenin-Danitra vitsivitsy izy ireo, ireo fiderana an'Andriamanitra, izay ho hiraintsika Any, sy hifaliana. Ary ny olona izay tsy mino ny fikiakiahana, inona no hataonareo rehefa tonga Any ianareo? Tena tsy hahazo toerana mihitsy ianareo. Tsaratsara kokoa ny manana finoana, dia mandresy ankehitriny, satria ny finoana no fandresena

izay mandresy. Tsia, tsy hikasika zavatra kely tahaka an'izany ianareo. Hahazo fandresena ianareo.

Hoy ianareo hoe, "Ahoana no hanaovako an'izany, Rahalahy Branham?"

86 Nahoana, tena tsotra ilay izy. Ilay izy fotsiny dia... Ankehitriny, amin'ireo fivoriana eto, dia manontany tena ianareo hoe ahoana no fanekena eto, ahoana. Ny olona ato amin'ny tranobe, maro no tsy fantatro, ary ao amin'ireo fivoriako indraindray dia tsy mahafantatra na iza na iza aho, na dia ireo fiteny samihafa aza. Saingy ahoana no—ahoana no ahafantarako an'ilay izy? Izany dia manolotra ny tenanareo. Atolory fotsiny ho an'ny Fanahy Masina ny tenanareo, amin'izay fotoana izay dia tsy ianareo intsony ilay izy. Tsy fantatrareo izay ho lazainareo. Avelanareo fotsiny Izy hanao ny fitenenana. Tena tsotra tahaka an'izany ilay izy.

87 Maro aminareo olona no manana finoana amin'ny dokoteranareo. Ary tsy maintsy manana ianareo, raha manana dokotera iray. Ary ankehitriny rehefa misy zavatra tsy mety aminareo, dia handeha any amin'io dokotera tranainy mahatoky izay inoanareo io ianareo. Izany no tsy maintsy hataonareo. Tsara izany. Ary avy eo dia manolotra aminy ny momba anareo ianareo. Raha milaza izy fa tsy maintsy mandeha any amin'ny hopitaly ianareo, dia tsy manao zavatra afa-tsy ny mandeha any an-trano ianareo sy mampirina ny akanjonareo ary manainga mankany amin'ny hopitaly. Azo antoka. Manana finoana amin'ilay dokotera ianareo. Ary raha tsy manapa-kevitra izy fa tsy mila mandeha any amin'ny hopitaly ianareo, na tsy maintsy mandeha, raha ny marina, dia hanoratra taratasim-panafody izy ary hanome anareo pilina eran'ny kitapo. Ary hatelinareo izy ireny, nefa tsy fantatrareo izay ao anatin'ireny pilina ireny. Saingy manana finoana amin'ny dokoteranareo ianareo.

88 Ahoana ny amin'Andriamanitra? Fa ianareo dia matahotra ny hitelina ny sasany amin'ireo Gos-pels [Pilin'ny Filazantsara—Mpand.] izay Omeny anareo. "Ny dian-kapoka Taminy no nanasitrana anareo." "Ny finoana no fandresena izay mandresy an'izao tontolo izao." Atelomy Izany dia jereo izay mitranga. Fahatokiana iray izany.

89 Asehonareo ilay fahatokiana izay anananareo amin'ny dokoteranareo, amin'ny alàlan'ny fandraisana ny fanafodiny, izay tsy fantatrareo hoe inona ilay izy. Asehonareo ny fahatokianareo amin'ilay dokotera, amin'ny alàlan'ny fanoloranareo ny tenanareo ho an'ny fandidiana iray. Izany no manaporofo ny fahatokianareo amin'ilay dokotera.

90 Saingy rehefa tonga eo amin'i Kristy kosa ilay izy, dia matahotra ny handray Azy amin'ny Teniny ianareo. Ahoana izany? "Ny finoana no fandresena." Afaka manolotra ny momba anareo amin'i Jesosy Kristy ianareo, izao hariva izao, tena

tahaka ny nanoloranareo ny momba anareo tamin'ilay dokotera mihitsy. "Omeo ahy izay rehetra Tianao omena, Tompo. Ianao no Dokotera eo amin'ilay zavatra." Avy eo dia azonareo ny fandresena. Avy eo dia azonareo ny finoana izay mandresy. Tsy hitady laharam-bavaka anankiray hafa intsony ianareo. Tsy hitady zavatra hafa intsony ianareo. Ho azonareo eo mihitsy izany. Ho vita hatreo daholo izany. Tsy hitsambikina hitety fiangonana intsony ianareo, mba hahitana raha *ity* anankiray ity no manana azy, na *itsy* anankiray itsy no manana azy, tsy manana azy izy ireo. Ianareo no manana azy amin'izay fotoana izay. Rehefa manana an'ilay finoana ianareo, dia azonareo ilay fandresena.

91 Lazaiko aminareo izay ilaintsika izao hariva izao eto Amerika, sy izay ilaintsika izao hariva izao ato amin'ity tabernakla ity, dia ny mamela an'i Dokotera Jesosy hiditra ka hanao fandidiana iray eo amin'ny finoantsika.

92 Miteny aminareo ilay dokotera hoe, "Misy kambon-tsinay kely ianao, voapoizina daholo ilay izy. Tokony esorina ilay izy. Tratran'*ity* ianao, *itsy*, na ny hafa, ratsy izany. Tsy maintsy esorina ilay izy." Eny, esoriny ilay izy mba hahafahan'ny sisa rehetra aminareo miasa tsara.

93 Fa inona ny olana amin'ny finoantsika amin'izao hariva izao? Matahotra ny hamela an'Andriamanitra haka ny Teniny mpandidy isika, ny Antsiny, maranitra noho ny sabatra roa lela, sy mandidy antsika, ary miteny amintsika fa ny fandihizantsika midoladola kely dia ratsy. Ary isika dia tokony hamaha ny tsentsina rehetra, ka hisosa mankany amin'ny teny fikasana Mandrakizay an'Andriamanitra. Oh, raha hanao an'izany isika, dia hanao ny fandidiana eo amin'ny finoantsika Jesosy, hanaisotra ny fisalasalana rehetra, ny tahotra rehetra, sy ny ahiahy rehetra, ny fahotana rehetra, ny zavatra rehetra izay misy. Ary avy eo rehefa voadidy madio tsara ny finoantsika, dia mivoaka olom-baovao anankiray isika. Hafa isika amin'izay fotoana izay. Mila fandidiana anankiray isika. Afaka matoky an'i Jesosy Kristy ve ianareo ho an'io fandidiana io? Afaka mino Azy ve ianareo? Afaka miteny ve ianareo hoe, "Tompo Andriamanitra, noho ny Teninao?"

94 "Noho ny Teninao," tahaka ny nolazain'ireo mpianatra ao amin'ny Masindahy Marka 5. Rehefa hoy izy ireo hoe, "Efa nikely aina izahay ny alina manontolo, fa tsy nahazo na inona na inona. Kanefa, Tompo, noho ny Teninao, dia halatsako ny harato," hoy i Petera.

95 "Tompo, mpanjono iray aho. Fantatro ireo famantarana rehefa mahitsy tsara ny volana. Fantatro hoe rahoviana izy ireo no manaikitra, ary rahoviana izy ireo no tsy manaikitra. Fantatro hoe rahoviana izy ireo no ao an-tsekoliny, ary rahoviana no tsy ao. Tsy izany ihany, fa efa nikely aina aho ny alina

manontolo. Ary indro ny filan-kevitr'ireo dokotera eto miaraka amiko, dokotera mpanjono, ary hainay ny asa fivelomanay. Ary nikaroka an'ity renirano ity izahay nandritry ny alina manontolo, nefa tsy nahazo na inona na inona. Saingy noho ny Teninao, Tompo. Halatsako ny harato."

96 Satria ilay—ilay lehiben'ny Mpandidy no niteny an'izany! Ilay lehiben'ny Dokotera no niteny an'izany! Ary nahazo trondro tena betsaka izy ireo hany ka nanomboka triatra ny haraton'izy ireo. Nahoana? Ny finoana no fandresena. Mety ho tsy nisy na dia trondro iray mihitsy aza tao anatin'ilay rano. Saingy rehefa Andriamanitra no nanao teny fikasana iray, dia hamorona trondro Izy ary hametraka azy ireo ao.

97 Mety tsy misy anjara iray angamba ho anareo mba ho velona. Mety eo am-pahafatesana miaraka amin'ny homamiadana angamba ianareo. Mety miraikitra eo amin'ny seza iray misy kodiarana angamba ianareo. Mety tena jamba tanteraka angamba ianareo. Tsy fantatro hoe inona ny aretinareo. Saingy raha haka an'ilay taratasim-panafodin'ilay lehiben'ny Dokotera ianareo, "Izay zavatra rehetra irianareo rehefa mivavaka ianareo, dia minoa fa voarainareo izany, dia ho azonareo izany." Ary minoa fa izany finoana izany no handresy ny fahasarotana rehetra izay misy. Mety tena vesaran'ny fahotana loatra angamba ianareo hany ka tena maloto arak'izay tratra ny fanahinareo. Mety efa nanandrana ny hiala amin'ilay hatezerandratsy angamba ianareo, ilay lela mpanaratsy, ilay fifosana ao amin'ny telefona. Mety nanandrana ny fanafody rehetra izay fantatrareo hoe ahoana ianareo. Saingy raha hamela an'i Jesosy Kristy fotsiny hiditra ao anatinareo ianareo izao hariva izao, dia Izy no handidy ny finoanareo, ka hanome anareo finoana iray izay hiakaranareo any ankoatry ny zavatra rehetra izay azon'izao tontolo izao vokarina. Nahoana? Ny finoana no fandresena izay mandresy an'izao tontolo izao.

98 Ahoana no hisalasalanareo, nefa Jesosy Kristy ilay Zanak'Andriamanitra velona no manatrika eto ankehitriny? Ato amin'ity tranobe ity ilay Fanahiny Masina lehibe. Ny Teny no nampanantena, hoe, "Indro, momba anareo mandrakariva Aho, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao mihitsy aza." Izany no nampanantenain'ny Tompo. Tsy maintsy mihazona ny Teniny Andriamanitra. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Rehefa nampanantena Izy fa Hanao an'izany zavatra izany, dia voatery am-boninahitra Andriamanitra ny hanao an'izany.

99 Ankehitriny tiako ianareo hieritreritra ny amin'izany. Raha manana ota ianareo, raha misy zavatra tsy mety ao amin'ny fiainanareo, dia tiako ianareo hieritreritra ny amin'izany, raha manondrika ny lohantsika isika vetivety fotsiny ho an'ny vavaka.

100 Mialohan'ny hivavahantsika, dia te-hametraka an'izao fanontaniana izao aho. Te-hanontany aho raha misy lehilahy iray, vehivavy, zazalahy, na zazavavy, izay ato amin'ity tranobe ity, izay hiteny amin'ny alàlan'ny tànana iray mitsangana hoe, "Tompo, toa tsy afaka mandresy mihitsy aho. Toy ny hoe fantatro fa tsy tokony hanao an'ireny zavatra ireny aho. Izaho—izaho dia mahafantatra fa tsy tokony hanao an'*ity* sy *itsy* aho. Saingy mila Anao aho handidy ny finoako izao ankehitriny izao, taorian'izany Hafatra izany. Mila Anao aho hanome ahy fizahana feno anankiray, ka handidy ny aretina kely rehetra eo amin'ny finoako, izay hisakana ahy tsy handresy an'ireny zavatra ireny." Atsangano any Aminy ny tànanareo. Hanao an'izany ve ianareo? Ny Tompo hitahy anareo. Feno tànana mihitsy ny toerana! Kely . . .

101 "Aoka isika hanaisotra izay rehetra mitambesatra, sy ireo fahotana izay malaky mahazo antsika, ka hihazakazaka amin'ny faharetana an'izao hazakazaka izay napetraka eo anoloantsika izao, mijery an'ilay Mpanao sy Mpanefa ny finoantsika, ny Tompo Jesosy Kristy."

102 Firy ato, ireo marary sy mila zavatra, no hanangana ny tànanareo ka hanao hoe, "Tompo, didio ny finoako. Manana ilaina aho izao hariva izao, Tompo?" Andriamanitra hitahy anareo.

103 Ny finoana no fandresena. Ahoana no hahazoantsika finoana? "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ary fandrenesana ny Tenin'Andriamanitra."

104 Ankehitriny ho anareo izay mila zavatra, fanahy mpanota. Tsy afaka manao antso amin'ny alitara aho, hanao anareo hiakatra eto amin'ny alitara eto, araka ny fanaon'ny tabernakla, satria tsy misy efitra akory aza. Misy ireo olona izay mitsangana manodidina ny rindrina. Misy ireo olona izay—izay eto amin'ny alitara eto, ary ilay izy dia toerana iray fotsiny izay tsy ahafahantsika manao an'izany. Saingy hivavaka ho anareo aho ankehitriny. Ary ianareo hanolotra fotsiny ny tenanareo ho an'i Kristy amin'izao ora izao mihitsy, raha mivavaka aho.

105 Andriamanitra Malala, hangataka ny Famindraponao avy any An-danitra izahay ho eo amin'ireto fanahy manenina izay miandry ireto izay mino fa misy Ianao, ary mpamaly soa an'izay rehetra mitady Anao fatratra. Ary hangataka Aminao aho mba hamindrafo amin'izy ireo, Tompo. Ary na inona na inona misy, ny homamiadan'ny fisalasalana, ny homamiadan'ny hatezerana, ny lolom-pon'ny tsy finoana, esory izany izao ankehitriny izao, Tompo, ary omeo azy ireo ny Fanahy Masina. Fenoy amin'ny Fahatsaranao ny fanahin'izy ireo. Ataovy batisa ao amin'ny Fanjakanao izy ireo izao ankehitriny izao, raha nanangana ny tànany izy ireo ao amin'ny fiaiken'ny finoany. Ary mangataka

Aminao aho, O Andriamanitra mpamindra fo, ataovy ho azy ireo izany.

106 Fa nanova ny fisainany izy ireo ny amin'ny—ny amin'ny fitsingevanana eny ambonin'ny ranomasina. Tokony hiditra eo amin'ilay fiantsonana izy ireo ka ho rantsanin'ilay tompomarika Mpanorina, sy lasa olom-baovao anankiray ao amin'i Kristy Jesosy, ary feno hery amin'ny Fanahiny, avilin'ny Sitrapony. Koa omeo azy ireo izany izao ankehitriny izao, Ray, raha mangataka am-panetre-tena izahay amin'ny Anaran'i Jesosy, Zanakao.

107 Ary ankehitriny, Tompo, misy betsaka ireo tànana izay mitsangana ambony, na izay mitsangana ambony. Mahafantatra izy ireo fa avy nitety toerana, ny maro amin'izy ireo. Namily fiara maily maro izy ireo nanerana an'ireo—ireo firenena, mba ho tonga eo amin'ny olona izao-sy-izao izay mivavaka ho an'ny marary. Ary tonga izy ireo, angamba, làlan-davitra tonga eto. Mankasitraka an'izany aho, Tompo. Ahoana moa raha tsy nino ahy izy ireo, ho Mpanomponao? Amin'izay fotoana izay dia tsy ho avy izy ireo. Misaotra Anao aho ny amin'ny namelana azy ireo hanana finoana amin'ny fivavako.

108 Tompo Andriamanitra, mivavaka am-pahatsoram-po aho ho an'ny tsirairay avy izao ankehitriny izao, mba Ianao, ilay Andriamanitry ny Lanitra lehibe, no hanetsika ny Fanahinao Masina ao amin'ny fiainan'izy ireo, ka hanapaka ny tsy finoana rehetra. Aoka izy ireo hahafantatra fa izany no, "Ny finoana no fandresena." Tsy olona iray eto an-tany, tsy fiangonana iray, na vavaka iray avy amin'ny olona iray, izay manampy avokoa, fa finoana ao amin'ny fandresena.

109 Namaky izahay ny amin'izay nisy ny Zanakao, Mpamonjinay, "Nandeha tany amin'ny Fireneny Manokana, ary nisy teo ireo izay nanao hoe, 'Iza moa io Lehilahy io? Tsy io ve no zanak'ilay mpandrafitra? Tsy fantatsika ve Izy sy ny Reniny? Ary ny anarany dia Maria. Ary indro i Joda, sy Jonasy, ary ireo anabaviny.' Ary tafintohina Taminy izy ireo. Ary gaga Izy ny amin'ny tsy finoan'izy ireo, ka tsy afaka nanao asa lehibe."

110 Fantatray, tsy mampaninona na toy inona ny hahaben'ilay olona izay mety mahita sitraka eo Anatrehanao, kanefa ny finoanay manokana kosa no fandresena. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hamelanao ny olona hivoaka amin'izany, ka haneho ny Tenanao eto izao hariva izao, izay misy ny finoana mitoetra eo afovoan'ireo fitsipiky ny fitsanganan'ny Tomponay. Tsy maty Izy, fa velona mandrakizay Izy. Ary Izy no nanao ny teny fikasana hoe, "Homba anareo Aho, mandrakariva, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao aza." Ary mino izahay fa eto Izy.

111 Ary mivavaka izahay, Andriamanitra Malala, mba izao hariva izao, no Hanehoany ny Tenany ho hita maso, manatrika. Ary enga anie amin'izay fotoana izay ny Fanahy Masina hikasika

ny fo rehetra, ka hanao ny fandidiana an'ilay finoana, mba hahafahan'izy ireo mandresy ny fahararianу, sy ireo fahoriany, ary ireo aretiny. Hivoaka eto miaraka amin'ny finoana voaorina, tsy mampaninona, raha tsy miseho aza ny zavatra anankiray, kanefa dia hamorona finoana iray izany izay miteny hoe vita ilay izy. Izany no fandresena. Izany no mandresy an'izao tontolo izao. Fa mangataka an'izany amin'ny Anarany izahay sy ho an'ny Voninahiny. Amena.

112 Tena sarotra amiko ny hahita hoe ahoana no hahafahako hiantso laharam-bavaka iray. Fa itsy varavarana itsy dia hipoka hatreny an-dàlambe, ary ity varavarana ity dia hipoka hatreny an-dàlambe, ary manerana ny varavarankely, manerana ny varavarana, ary eto ambony eto. Afaka manandrana an'ilay izy aho, raha tianareo ny hanandramako. Izaho—izaho dia afaka manandrana hiantso laharam-bavaka iray.

113 Saingy hilaza an'izao aho, aorian'ity zavatra ity. Nitory fandresen-dahatra ho an'ny tenako aho. Mino aho, fa raha hanaja fotsiny ianareo, ka haka fotsiny ny finoana rehetra izay anananareo, amin'ny maha-finoan'olombelona, ka hamerina an'izany ho eo an-tànan'Andriamanitra, ka hanao hoe, "Ankehitriny, Tompo, raiso ilay kely izay homeko Anao, ary aoka ny Finoanao no ho tonga amiko." Mino aho fa hanasitrana anareo Izy, ka hamela ahy hiantso anareo mihitsy avy eto amin'ity lampihazo ity, na dia tsy miakatra ety mihitsy aza ianareo. Afaka mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny, raha manana ny karatra fangataham-bavakareo ianareo, tehirizo ilay izy, hampiasaintsika izany, na izany aza. Noho izany, mino isika. Ankehitriny, tiako ny . . . Vao tonga ato an-tsaiko mihitsy izany ankehitriny.

114 Fa, niteny tamiko i Billy Paul raha vao niditra mihitsy izahay, minitra vitsy lasa izay, fa nizara karatra fangataham-bavaka ihany izy izao hariva izao. Satria, andiany iray tokoa no nalainay omaly hariva. Ary hoy izy hoe, "Misy maromaro ao, ry dada, izay mila karatra fangataham-bavaka. Ary nanome azy ireo karatra fangataham-bavaka aho."

Hoy aho hoe, "Tena tsara izany."

Hoy izy hoe, "Saingy ahoana no hiantsoanao laharam-bavaka iray?"

115 Tamin'izay fotoana izay dia tery aoriana tery ny olona. Ankehitriny dia manerana ny lafiny rehetra izy ireo. Noho izany dia fomba tena sarotra ny hanaovana an'ilay izy, ny hiantso laharam-bavaka iray. Izahay tsy . . .

116 Inona moa no fahasamihafana aminareo mitsangana eto, na mipetraka eny amin'izay misy anareo? Fa mila finoana anankiray ny fanaovana an'izany. Mila ny finoanareo izany, miampy ny finoako, miaraka amin'ny finoan'Andriamanitra. Afangaro miaraka izany, ka ny finoako sy ny finoanareo dia

halazo, ary ny finoan'Andriamanitra no ho lasa manjaka, ary ho vita ireo asa.

117 Te-hanontany anareo an'izao fotsiny aho, eo ambonin'ireto fototra ireto. Mino an'izao ho ny Tenin'Andriamanitra ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy afaka mandainga Izany, amin'izay fotoana izay, raha izany no Tenin'Andriamanitra. Tsy maintsy marina izany. Noho izany, raha izany no Tenin'Andriamanitra, ka marina izany, amin'izay fotoana izay dia voatery amin'ny Teny rehetra izay Noteneniny ato Izy. Voatery hitazona an'izany Teny izany Izy.

118 Ankehitriny, raha narary ianareo ka an-dàlam-pahafatesana miaraka amin'ny aretin-drà, na homamiadana, na izay anananareo, raboka. Ka miakatra ety ianareo, ary mitondra an'ireo mpitoriteny rehetra izay fantatsika, ato amin'ny tranobe, ary mitondra azy ireo eto ka mivavaka ho azy ireo, ny tsirairay aminareo. Kanefa, raha tsy ianareo manokana no manana finoana, dia tsy hety izany. Hitanareo?

119 Fa raha misy olona ho sitrana, angamba rehefa avy nahamarika ianareo, fa sitrana na nilaza fa sitrana izy ireo, dia izany no hanampy ny finoanareo, satria ho hitanareo fa sitrana izy ireo.

120 Tany Durban, Afrika Atsimo, vao haingana, dia nivavaka aho ary nitondra olona iray teny amin'ny lampihazo izy ireo. Ary fantatrareo ilay tantara. Niteny an'izany tamin'ny maro taminareo aho. Hoe ahoana no nahasitrana an'ilay vehivavy anankiray, izay Mohametana. Ary nitondra betsaka mihitsy avy tamin'ny isam-poko izy ireo. Fa, foko roapolo teo, na mihoatra, no tany. Ary avy eo rehefa tonga teo amin'ny toerana iray izany, teo amin'ny zazalahy iray izay teraka, nanjoko, nandeha tamin'ny tànany.

121 Ary rehefa nanomboka niteny taminy ny Fanahy Masina. Izy dia—dia Zoulou iray. Ary rehefa nanomboka niresaka taminy ny Fanahy Masina, ka niteny tamin'io lehilahy io, hottentot Afrikana iray, izay tsy mahafantatra akory aza hoe iza no tànana havanana sy havia. Ary niteny taminy mihitsy aza hoe iza izy. Nipetraka izy. Ary nitsangana ireo mpampianatra mpamosavy, tsy nahaloa-peo. "Zava-baovao inona ity?" hoy izy ireo. Ary ireo lehibe izay nokopakopahana tamin'ny fikopahana, dia nanajanona an'ireo fikopahana.

122 Saingy hoy Izy hoe, "Ao amin'ny tranobongonao izay ipetrahanao, dia misy sary iray an'ny Tompoko, mihantona eo amin'ny rindrina." Ary ny rainy sy ny reniny, tery aoriana tery, niaraka tamin'ireo olona an'hetsiny, no nitsangana mba hanamarina an'ilay fahamarinana.

123 Ary nanao hoe, "Ankehitriny, dia, manana rahalahy iray ianao izay nitaingina osy mavomavo na alika, ka tapaka ny ranjony, ary mamindra amin'ny tongotra hazo izy. Ary

manatrika eto amin'ny fivoriana izy. Fa ny finoany izao ankehitriny izao no nandresy, ary sitrana izy." Satria nahoana? Io fandonana avy tamin'ny lehilahy fotsy hoditra io, izay tsy afaka niteny akory ny fiteniny aza, no afaka niteny taminy hoe iza izy, ary inona no nitranga. Karazana hery inona izany?

124 Ary ren'ilay zazalahy tamin'ny alàlan'ilay mpandika teny izany, dia natsipiny ireo tongotra hazo. Ary indro izy avy, nihazakazaka sy nitsambikina, tamin-kafaliana.

125 Ary rehefa ny rahalahiny, izay tsy afaka nahafantatra hoe iza no tànana havanana sy havia, saingy nieritreritra fa niezaka ny hahazo azy aho mba hanao di—dihy iray, dihin'ny teran-tany. Hitany ilay rahalahiny nihazakazaka sy nitsambikina, dia nanao zavatra taminy izany. Dia nilaozany ireo sakam-pahotan'ny tsy finoana. Ary nijery tany aoriana aho, dia nisy fahitana anankiray, izay niteny taminy hitsangana amin'ny tongony. Sitrana izy.

126 Ary io zazalahy io, tsy niaraka tamin'ny fahalalana iray ampy akory aza, niaraka tamin'ny saina ampy, mba hahafantarana an'izay nolazaiko, rehefa avy niteny taminy ilay mpandika teny. Ary nanana rojo anankiray izy teo amin'ny hatony. Dia nalaiko ilay rojo, ka hoy aho, "Jesosy Kristy no manao anao ho tsara. Mitsangàna." Io zazalahy izay efa teraka narary io, dia nitsangana tamin'ny tongony. Tsy izany ihany, fa tamin'ny saina salama. Nikoriana teo amin'ny kibony mainty ireo ranomaso. Ary nirotsaka teo amin'io toerana teo io ny voninahitr'Andriamanitra, hany ka mpanompo sampy hiringiriny dimy arivo sy roa alina no sitrana tamin'ny fotoana anankiray.

127 Inona no nataon'izy ireo? Ny maraina nanaraka, dia nipetraka teo amin'ny varavarankely aho, taorian'ny nahatongavan'ilay ben'ny tanàna, nanao hoe, "Jereo avy eo amin'ny varavarankely. Hahita hagagana iray ianao." Ary ny maraina nanaraka, dia indro tonga ireo kamiaon'omby lehibe fito feno tongotra hazo, sy seza misy kodiarana sy ny sisa, nandeha teo ambanin'ilay. . . Nandeha teo amin'ny làlambe, niaraka tamin'ny olona izay tao anatiny, ny omaly hariva, nandeha teo amin'ny làlambe. Ireo Zoulou, sy Shungii, sy ireo Bazuta, ary Xhosa, ireo foko samihafa izay niady tamin'ny hafa; dia nihavana, nifampitantana, nihira hoe, "Azo atao ny zavatra rehetra, minoa fotsiny," tamin'ny fitenin-drazany manokana.

128 Nitsangana avy teo amin'ilay varavarankely aho, ary natsangako ireo tànako, ka novaliako hoe, "Fahasoavana mahagaga, feo mamy loatra ilay namonjy mahantra iray toa ahy." Fampisehoana lehibe loatra ilay izy ka saiky zara raha mba afaka nahita sisa ireto masoko, mandra-pahitako ny Tompo tao anatin'ny fahitana, tamin'izay fotoana izay.

129 Inona izany? Manaitra zavatra anankiray izany. Tsy mpitsinkafona ireo olona ireo. Tsy mbola nandre mihitsy izy ireo taloha. Fa rehefa nandre izy ireo, niaraka tamin'ny fahatsoran'ankizy fotsiny, dia norombahan'izy ireo fotsiny ilay izy. Izay ihany no nisy teo. Izy ireo fotsiny . . . Tsy nila nanana fandidiana izy ireo. Hitan'izy ireo fotsiny ilay izy dia narahany izany, ary azy ireo izany. Tsy nisy olona afaka nilaza tamin'izy ireo zavatra hafa; izy ireo no nahita an'ilay izy nitranga.

130 Ankehitriny, raha mbola velona foana ny Tompo Jesosy, ary eto Jeffersonville, Indiana, ato amin'ireto Etazonian'i Amerika ireto, raha Izy no ilay Andriamanitra tsy miova izay teto omaly hariva, nanome an'ilay mpitory teny jamba ny fahiratany. Izy no ilay Andriamanitra tsy miova izay nanome an'io ankizy kely tratry ny aretin-drà io, an-dàlam-pahafatesana, ka ny ampitso maraina dia nanambara azy ho sitrana ireo dokotera.

131 Vao tsy ela mihitsy, dia naharay ny lahatsoratra ny amin'izany mihitsy aho teto, mino aho, ao amin'ny anankiray amin'ireto boky ireto. Tsy azoko antoka. Novakiako fotsiny ilay izy indray andro, ary ataoko fa napetrako ao ambanin'ny sasany amin'ity antontany eto ity ilay izy. Izaho mety tsy . . . Tsy azoko antoka. Fa namaky lahatsoratra iray aho avy amin'ny anankiray amin'ny . . . Ity ilay izy, eto mihitsy. Anankiray amin'ireo gazety eto ao—ao Mich- . . . Na, eny, izany dia tao amin'ny asam-pitoriako farany teto, lahatsoratra iray ao anatin'ilay gazety. Izay nisy vehivavy iray teo, izaho . . . Izany dia tany Burlington, Vermont. Ary diso fanantenana tanteraka izy. Tsy nahazo karatra fangataham-bavaka avy tamin'ireo zazalahy izy tamin'io andro io. Ary Gene, sy Leo, ary Billy, sy ny sasany dia ho avy eto, izay tany. Ary nipetraka tany aoriana izy, ary tampotampoka teo . . . Nanontany tena izy hoe nahoana izy no tsy afaka niditra tao amin'ilay laharam-bavaka.

132 Ary niakatra ilay olona voalohany, dia hoy Izany hoe, "Ianao no Rtoa. *Ranona-sy-ranona*, avy amin'ny toerana *anankiray*, ary nisy zavatra anankiray, nisy zavatra anankiray niseho."

133 Tamin'izay fotoana izay mihitsy dia namaky teo amin'ilay sakana izy. Hoy izy hoe, "Fantatro io vehivavy io. Ary fantatro fa izany no fahamarinana."

134 Tsy nijanona nieritreritra an'izany tao am-pony izy, mandrapiantson'ny Fanahy Masina ahy, ka nanao hoe, "Rtoa. *Ranona-sy-ranona*, mipetraka *eto*," ery aoriana ery, indroa amin'ny halavan'ity tranobe ity. "Ilay ramatoa kely ery amin'ny farany, manao akanjo maintso." Hoy Izy, "Ianao no Rtoa. *Ranona*," anarana iray tahak'izany. Hoy Izy, "Ianao dia mararin'ny androbe. Ianao dia tratry ny fihetsehana efatra na dimy isan'andro." Ary hoy izy . . . Dia nitsambikina tamin'ny tongony izy. Izy izany. Ary tena gaga loatra izy, tsy fantany izay hatao.

135 Ary hoy Izy, "Tsy izany ihany, fa tena mikorontana tanteraka ianao satria any amin'ny Veterans Hospital ny vadinao, ary saiky nesorin'izy ireo any ny vavoniny rehetra. Ary ankehitriny dia lasa ao amin'ny ampahany hafa ao amin'ny vatany ilay aretina, ary tsy misy anjara intsony hahavelona azy, hoy ireo dokotera." Ary izy, niaraka tamin'ireo ranomaso nikoriana tamin'ny tavany, arak'izay hazavain'ilay gazety, nanangana ny tànany izy, fa izany no fahamarinana.

136 Tamin'izay fotoana izay mihitsy, tao amin'ilay fahitana, dia nahita azy tonga tao an-trano aho. Ary hoy aho hoe, "HOY NY TOMPO HOE. Aza manahy ianao. Ho any an-trano izy, tsara."

137 Ary ny ampitso maraina, rehefa nandeha ho an'ny fizahana iray izy, ho an'ny fandidiana indray, rehefa niparitaka eran'ny vatany ireo fivontosana lehibe an'ilay aretin'ny Hodgkin. Ireo dokotera . . . Hoy izy hoe, "Tsy mahatsapa fivontosana iray aza aho." Ary nizaha azy ireo dokotera, tsy nahita fivontosana iray. Nametraka azy tao amin'ny rayon-x ary nanao ny fitiliana rehetra, fa tena tsara tanteraka izy. Ary tonga tany an-trano ny andro manaraka, tomady sy tsara.

138 Nahoana? Ny finoana no fandresena. Tsy misy karatra fangataham-bavaka, tsy misy tànana apetraka, tsy misy na inona na inona, fa ny finoana no fandresena izay mandresy ny rehetra. Izany ilay fanao.

139 Ny fivoriako farany tany Chicago, nisy ramatoa mainty hoditra nitsangana teo amin'ilay lampihazo. Izaho—izaho mifona aminareo, mino aho fa vehivavy fotsy hoditra ilay izy izay nitsangana teo amin'ilay lampihazo.

140 Ary ny omaly hariva, vehivavy Suedoise antitra kely anankiray no teo, ary i Billy no nahita azy naka ka nandatsaka vola betsaka tao amin'ny rakitra iray ho an-dRahalahy Osborn, ho an'ny antsony African, Black Gold, ilay asam-pitoriany. Ary niteny tamiko i Billy hoe, "Ahoana no io vehivavy mahantra kely io, manao an'ilay akanjo misy pentipentina kely, ahoana no mba nananany an'io vola betsaka io halatsaka ao amin'io rakitra io?"

141 Ary rehefa lasa nivoaka i Billy, dia hoy izy hoe, "Omeo karatra fangataham-bavaka iray aho, malala."

142 Hoy izy, "Tsy manana intsony aho." Nandeha nankeny amin'i Gene izy na Leo, ny anankiray, izay nizara azy ireny, ary nangataka. Tsy nanana intsony izy ireo.

143 Dia hoy izy hoe, "Ranabavy, ho jereko ianao rahampitso dia homeko anankiray ianao."

144 Hoy izy, "Eny àry, malala," dia lasa izy niakatra teny amin'ny rihana tany ho any ary nipetraka. Tsy nahafantatra ny amin'ilay izy mihitsy aho.

145 Avy eo rehefa niditra aho, teo amin'ilay lampihazo tamin'io hariva io, dia nisy vehivavy anankiray teo amin'ilay

lampihazo. . . Nipetraka teo izy, ary namaky avy teo amin'ilay sakana izy, ho eo amin'ny toerana iray izay nandidian'Andriamanitra ny finoany. Teo, rehefa nahadona an'io faritra io izy, dia hoy Izany hoe, "Ilay vehivavy kely mipetraka ery ambony ery, ao amin'io rihana faharoa io, olona faharoa ao, manao an'io akanjo kely, misoratsoratra io, ny anarany dia Ramatoakely. *Ranona-sy-ranona*, ary *ranona*. Ary mivavaka ho an'ny vadiny izy izay mpandefa entana amin'ny fiaran-dàlamby; marenina ny sofiny anankiray." Ary saiky torana izy. Loterana anankiray izy. Ary rehefa tonga tany an-trano izy. . . Ary nilaza ny Tompo hoe, "HOY NY TOMPO HOE. Sitrana izy."

146 Rehefa tonga tany an-trano izy io hariva io, dia nitsangana teo am-baravarana izy, nifaly. Ary tamin'izany minitra izany indrindra, dia nisokatra ny sofiny, rehefa izy nipetraka teo amin'ny seza iray tao amin'ny biraon'ny mpandefa entana.

147 Vehivavy mainty hoditra anankiray izay nipetraka teo, dia nahita an'izany, ary nino. Ary nino ho an'ny rahavaviny izy izay efa folo taona no tany amin'ny toeram-pitsaboana saina any Little Rock, ao amin'ny toeram-pitazonana ny adala. Ary tonga taminy ny Fanahy Masina, ka niteny taminy hoe iza izy, ary iza ilay rahavaviny. Ary hoy Izy, "Adala romotra anankiray izy, manakapoka ny lohany amin'ny rindrina, nandritry ny folo taona. Fa, HOY NY TOMPO HOE, vao avy sitrana mihitsy izy."

148 Ary ny ampitso maraina, rehefa nandeha teo amin'ilay varavarana izy ireo, dia nahita azy nitsangana teo amin'ny varavarana ilay mpiandraikitra, niangavy mba hivoaka, tao amin'ny saina ara-dalàna, tsara. Nandefa teny ho an'ny rahavaviny izy, any Chicago, ary nikiakiaka mafy izy. Hoy izy hoe, "Andriamanitra Mpamindrafo! Izany ilay voalaza teny amin'ny lampihazo omaly hariva!" Hoy izy hoe, "Malala, fantatro fa tsy manam-bola ianao, saingy handefa tapakila an'ny fiaramanidina ho anao aho izao dia izao. Tongava aty. Mifarana rahampitso hariva ireo fivoriana."

149 Ary ilay vehivavy izay natao tao amin'ny toeram-pitsaboana saina, folo taona, ny hariva manaraka mihitsy dia nitsangana teo amin'ilay lampihazo ary nanome fiderana an'Andriamanitra Tsitoha.

150 Inona izany? Namaky avy teo amin'ilay toeran'ireo zavatr'izao tontolo izao ny rahavaviny. Ireo zavatr'izao tontolo izao dia tsy midika fotsiny hoe fifohana, sy fisotroana, ary fanenjehana fampisehoana. Ny tsy finoana no dikan'izany. Namaky avy teo amin'izany rehetra izany izy, mandra-pahitany fa mandresy ny finoany. Hoy izy hoe, "Raha afaka manao an'izany ho an'io vehivavy fotsy hoditra io Andriamanitra, dia afaka manao an'izany ho ahy Andriamanitra, vehivavy mainty hoditra iray."

151 Nanao an'izany Andriamanitra. Ary hataon'Andriamanitra izany isaky ny mandresy ny fisalasalana ny finoantsika, tsy mampaninona na sarotra toy ny ahoana aza ilay izy. Oh, velona Izy!

152 Misy olona ve ato izay sendra tany Chicago tamin'io hariva io, ka nandre an'ilay vehivavy nijoro vavolombelona? Atsangano ny tànanareo. Tsara, eny, jereo ny manodidina rehetra eto. Azo antoka, nisy izany. Teo, ny vehivavy iray izay tany amin'ny toeram-pitsaboana iray nandritr'ireo taona ireo.

Inona izany? Ny finoana no fandresena.

153 Ankehitriny, io Jesosy tsy miova io dia eto izao hariva izao. Noho izany, raha afaka mamela ny finoako hivaha aho, ho any amin'ny Fampanantenany, avy eo dia hiverina avy hatrany Izy ka hanao an'ilay zavatra mitovy, raha afaka mamela ny finoa*nareo* ianareo hivaha ho any amin'ilay fampanantenana.

154 Raha hanao an'izany Izy ho anareo rehetra izay mipetraka ao amin'ity mpanatrika ity, hino ve ianareo fa mbola velona Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izany ve no fomba Nataony rehefa tety an-tany Izy? ["Eny."] Izany ve no fomba nataon'ireo apostoly? ["Eny."] Nijery an'ilay lehilahy i Paoly, sy ny sisa. Ary rehefa niresaka tamin'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana Jesosy.

155 Nahoana, nikasika ny Akanjony ilay vehivavy, ary nandeha dia nipetraka. Nitodika nanodidina Izy, nanao hoe, "Iza no nikasika Ahy?" Tsy fantany hoe iza no nikasika, koa dia hoy Izy hoe, "Iza no nikasika Ahy?" Nandà ny rehetra. Hoy Izy hoe, "Fa lasa malemy Aho. Nisy hery niala Tamiko."

156 Ary nijery manodidina Izy mandra-Pahitany an'ilay vehivavy izay nanao an'ilay izy. Tratry ny fitsihan-drà izy. Dia nanao taminy hoe, "Ny finoanao no nahazo an'ilay fandresena." Inona izany? Tsy nilaza mihitsy Izy hoe, "Nanasitrana anao Aho." Hoy Izy hoe, "Ny finoanao no nahavonjy anao. Inona no nataonao? Nanana ny finoana izay nandresy ianao, izay naharesy, izay nanitsakitsaka ny fisalasalana rehetra."

157 "Fa niteny tao am-pony izy hoe, 'Raha afaka mikasika ny Akanjony aho, dia ho tsara aho.'" Jesosy dia nanana . . . Tsy maintsy naka an'izany tamin'ny zavatra anankiray izay noeritreretiny tao amin'ny sainy manokana izy.

158 Eto ny Teniny Manokana, milaza fa ho eto Izy amin'izao andro izao ary hanao zavatra mitovy amin'izay Nataony tamin'izany. "Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao, fa ianareo no hahita ahy. Ireo asa izay Ataoko, no hataonareo koa, hanao mihoatra noho izany aza. Mankany amin'ny Raiko Aho, fa ianareo no hanao mihoatra noho izany." Eto izany. Miaina amin'izany andro farany izany isika. Eto Jesosy.

Ndao isika hivavaka, ary aoka isika hino. Ary minoa ianareo raha mivavaka aho.

159 Tompo, indro ny andian'olona iray. Ary Ianao no Andriamanitra lehibe. Hitanay ao amin'ny Baiboly, izay Nanasitrananao ny olona marobe. Tany amin'ilay fivahinianan'ny Isiraely, Mosesy, rehefa nivoaka avy tao an-efitra izy ireo, dia tsy nisy olona iray nalemy teo anivon'izy ireo. Ianao no Dokotera lehibe. Ianao no Mpandidy lehibe. Ary ankehitriny, Tompo, avelao ireto olona izay marary ireto izao hariva izao, ao amin'ny vatan'izy ireo na ao amin'ny fanahin'izy ireo, mba afaka fotsiny ankehitriny hametraka ny momba azy ireo eo an-Tànanao, ilay Mpitsabo lehibe. Ary didio izy ireo, Ray, hatrany amin'ilay faritra izay hialan'ny fisalasalany rehetra. Ankehitriny, ny Teninao no nilaza fa Ianao no "tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Mivavaka izahay mba Hampiasanao an'izany ho antsy anankiray, ka hitondra an'izany antsy izany ary hanambara ny Tenanao ho tsy miova. "Homba anareo Aho, ho ao aminareo mihitsy aza." Ary noho izany, Tompo, rehefa hitan'ny olona fa eto Ianao, dia enga anie ny finoan'izy ireo hianika any ambonin'ny aretina rehetra izay misy ato amin'ny tranobe, an'ny fahotana na aretina, ka ho sitrana. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

160 Azonareo fantarina ve na ankasitrahana ilay toerana izay ametrahan'izany ahy? Ankehitriny jereo eto. Misy fara-fahakeliny dimampolo sy roan-jato ny olona mitsangana eto, na mihoatra an'izany, heveriko. Hia, heveriko fa misy mihoatra. Izaho—izaho tsy mahafantatra. Saingy misy vahoaka betsaka aminareo izay tsy fantatro. Firy eto no tsy mahafantatra . . . Fantatrareo fa tsy mahafantatra anareo aho na tsy mahafantatra izay tsy mety aminareo? Atsangano ny tànanareo. Eny, tompoko. Eny, misy, na aiza na aiza. Azo antoka. Izaho tsy mahafantatra, fa Izy dia mahafantatra.

161 Ankehitriny, raha Sitrany, raha hanolotra ny tenanareo fotsiny ho Azy ianareo ka mamela Azy hiresaka aminareo amin'ny alàlan'ny finoana mitovy tamin'izay nananan'ilay vehivavy, hino Azy ve ianareo? Raha—raha izany no . . . Raha misy zavatra anankiray voaporofo, dia zavatra anankiray voaporofo izany.

162 Raha misy olona tonga teto ka nanao hoe, "Manana fanafody ho an'ny homamiadana aho." Raha nanala homamiadana iray izy eto, dia miditra ao amin'ny toerana ratsy anankiray, ary maka an'ireo dokotera any ka manaporofo amin'izy ireo fa azo sitranina ny homamiadana, ny olona rehetra eto amin'izao tontolo izao dia hihazakazaka ho amin'izany, ho amin'izany fanafody izany.

163 Nahoana, rahalahy, izaho efa nahita an'i Jesosy Kristy nanasitrana homamiadana be dia be! Saingy, kanefa,

mangataka zavatra tokana fotsiny ihany Izy hoe, "Raha hino ianareo." Toy ny hoe zavatra sarotra indrindra izany. Efa nahita Azy nanokatra an'ireo mason'ny jamba aho, nanao ny mandringa hamindra. Efa nahita Azy nanangana ny maty aho, taorian'ny nahafatesan'izy ireo, izay nambaran'ireo dokotera. Tena zavatra marobe, izany dia mila . . . Tsy afaka hanoratra antontam-boky aho, mba hilazana fa efa nahita Azy nanao aho, ny tenako. Kanefa dia tena sarotra ilay izy, ny ho tonga mino.

164 Ankehitriny raha ianareo olona marary eto ireo . . . Tiako ny tsirairay hanaja fotsiny arak'izay tratranareo. Ankehitriny, mino aho . . .

165 Izaho dia mpino lehibe iray ny amin'ny fihetseham-po. Izaho dia mino, fa ny zavatra rehetra tsy manana fihetseham-po dia maty. Raha tsy manana fihetseham-po kely iray ny amin'izany ny fivavahanareo, dia tsaratsara kokoa ho anareo ny mandevina an'izany. Satria . . . Saingy misy fotoany ny zavatra rehetra.

166 Raha manatona ahy ianareo, ka vitako ny hanome anareo an'ilay izy. Dia hoy ianareo, "Rahalahy Branham, mila zato dolara aho." Tsy maintsy manatona tena am-panajana ianareo, ka manao hoe, "Rahalahy Branham, tena mila mafy tokoa zato dolara aho." Ary—ary fantatrareo fa nanana zato dolara aho tao anatin'ny paosiko, dia mino ianareo fa eo ambonin'ny . . . fiasako eo amin'ny fangorahako, dia hanome anareo an'ilay zato dolara aho. Eny, ankehitriny, hijoro eo ianareo amim-panajana, manantena ny hahazo an'ilay izy.

167 Avy eo rehefa nomeko anareo ilay zato dolara, dia afaka mikiakiaka fotsiny mafy arak'izay tianareo ianareo. Anananareo eny an-tànanareo ilay zato dolara. Hitanareo?

168 Ankehitriny, fa, rehefa ho tonga ianareo, dia tongava miaraka amin'ny fanajana. Aza tonga, mikiakiaka, ka hangataka amiko an'ilay zato dolara; mety tsy hahazo anareo aho. Hitanareo? Fa tongava ianareo, mangataha amiko. Ary avy eo rehefa omeko anareo ilay zato dolara, amin'izay fotoana izay vao manomboha mikiakiaka. Noho izany rehefa . . .

169 Ndao isika hanatona an'Andriamanitra ka hangataka Aminy hanetsika ny Fanahiny Masina, ato anatin'ny rindrina na any ivelan'ny rindrina, na aiza na aiza izany. Tsy ahoako izay itsangananareo. Na aiza na aiza ilay izy, tsy ahoako. Na eran'ny firenena aza izany, ka mivavaka ho an'ny olona anankiray ianareo, dia hanetsika an'izany Izy. Ary aoka isika hijery fotsiny.

170 Hoy Andriamanitra hoe, "Zahao toetra Aho." Izany no fomba tsara iray hanaporofoana na Andriamanitra no Andriamanitra, na tsia. "Zahao toetra Aho," hoy ny Tompo.

171 Ankehitriny, raha Izy no Andriamanitra, amin'izay fotoana izay, ka fantatsika fa misy Izy, dia ndao isika hangataka Aminy mba hanao an'ireo zavatra eto, izao hariva izao, izay Nataony, ary amin'izay fotoana izay dia tsy hila ny miakatra ety ianareo.

Ary raha vita ilay izy, fara-fahakeliny olona telo samihafa, manerana ny tranobe. Raha Atrangany izany, raha mikasika ny olona izay fantatro Izany, izaho—izaho tsy te-hanaiky an'izany ho izy. Hitanareo? Tiako Izany ho eo amin'ny olona iray izay tsy fantatro.

172 Ankehitriny, araka ny fahafantarana aretina, dia olona anankiray ihany no eto, izay mba fantatro, ny amin'ny aretina; ary tsy aretina izany. Izany dia tsara, sy malemy fanahy, sakaizako kely, Edith Wright, mipetraka ery aoriana ery. Fantatro izy. Narary nandritry ny taona maro izy. Nivavaka ho azy izahay, ary izy tsy mbola . . . Tsy nijanona ny fanaintainany tamin'izany, efa nandritry ny fotoana ela. Fa tsy nanafaka an'ilay zazavavy tamin'ny fahoriany mihitsy ny Tompo. Fantatro izay tsy mety amin'i Edith. Ankoatra an'izay, dia tsy mahafantatra na iza na iza ato aho, hoe aretina inona no mahazo anareo.

173 Fa raha mahafantatra ahy ianareo, amin'izay fotoana izay dia izaho—izaho tia an'ilay izy ho toy izany raha ny marina, mba hahitanareo fa tsy izaho ilay izy, fa ilay izy dia ny Tompo.

Ankehitriny mivavaha ianareo. Izaho hivavaka. Ary aoka isika hino fotsiny ny Tompo.

174 Ary ankehitriny, Ranabavy Gertie, tena miadana arak'izay vitanao, dia tiako ianao mba hitendry ny, "Eto akaiky eto ankehitriny ilay Mpitsabo lehibe, ilay Jesosy izay mangoraka."

175 Mijery an-dRahalahy Banks Woods avy eto aho, sakaizako anankiray. Ny rehetra dia mahafantatra, izay mahafantatra fa ato amin'ny tabernakla Rahalahy Woods, izy dia anankiray amin'ireo mpandraharaha eto. Fa izy dia Vavolombelon'i Jehovah fahiny. Tena zavatra anankiray taminy tokoa izany, saingy, rehefa tonga teo Louisville izy ka nahita ny Tompo nanao zavatra. Nanana zazalahy anankiray nandringa izy, karazan'ny paralisisan-jaza iray no nampikainkona ny tongony. Ary nanaraka an'ireo fivoriana izy. Izaho tsy nahafantatra. Tsy mbola nandre ny aminy mihitsy. Saingy rehefa niakatra teto izy. Tany ho any, tafaverina avy tany am-pitan-dranomasina aho, avy tany Suède, nipetraka tany aoriana tao amin'ilay tranobe izy, tamin'io hariva io, dia niantso an'io zazalahy io ny Tompo Jesosy, Davida, ary nanasitrana azy. Ary izao anio izao, dia saiky tsy fantatr'ilay zazalahy hoe iza ilay tongotra, izay nositranina. Hitanareo?

Oh, zavatra aman-jatony! Raha hino fotsiny ianareo!

176 Ankehitriny, azoko eritreretina indray mandeha, ary tena manontany ny amin'izany aho. Tsaroako, izany dia . . . Mahita vahoaka Amish iray aho, mino aho, na mety ho Mennonite, anankiray, ato amin'ny tranobe, miaraka amin'ireo ramatoa kely manao satroka kely. Izany mihitsy no nahatonga ahy hieritreritra an'izany. Tany Fort Wayne aho, Indiana. Ary nisy zazavavy kely Mennonite tany izay nandray ny Fanahy Masina.

Na, mety ho Amish ilay izy. Anankiray amin'izy ireo ilay izy, anankiray amin'ireo vahoaka ireo, na ilay Mennonite na ilay Amish. Ary izy dia za—zazavavy maha-te ho tia anankiray. Ary izy no nitendry ny, "Eto akaiky eto ankehitriny ilay Mpitsabo lehibe, ilay Jesosy izay mangoraka."

177 Ary teo dia nisy za—zaza kely anankiray izay natao teto antsandriko, izay nandringa. Ary rehefa nivavaka aho, dia sitrana ilay zaza kely. Nitsambikina avy teo amin'ny sandriko izy ary nihazakazaka teo amin'ilay lampihazo. Ary torana ilay reny.

178 Ary ilay zazavavy Amish na Mennonite dia nahafantatra an'ilay ramatoa. Ary izy . . . Nikasika azy ny Fanahy Masina ary nanomboka niantsoantso izy. Ary nanangana ny tànany izy ary niala avy teo amin'ilay piano.

179 Ary tsy diso naoty mihitsy ilay piano, nitendry ny, "Eto akaiky eto ankehitriny ilay Mpitsabo lehibe, ilay Jesosy izay mangoraka." Tonga avy teny amin'ireo lalantsara, avy teny rehetra teny, nifanery ny olona betsaka. Ary ireo fitendrena dia nihetsika ambony sy ambany, "Eto akaiky eto ankehitriny ilay Mpitsabo lehibe, ilay Jesosy izay mangoraka." Ary nitsilany teo amin'ny gorodona izy ireo, teny amin'ny lalantsara, resin'ny—ny fatahorana ny . . . na ilay Fanahy Masina manatrika.

Mbola velona foana Izy. Mbola Jesosy foana Izy.

180 Ankehitriny ndao fotsiny isika hisamonomonona an'izany moramora mandritry ny iray minitra fotsiny. Avy eo isika . . . avy eo dia ho hitantsika izay lazain'ny Tompo. Ny tsirairay ankehitriny mametraka ny tenanareo amin'ny finoana. Manomboha mijery aty, dia minoa amin'ny fonareo rehetra.

Eto akaiky eto ankehitriny ilay Mpitsabo lehibe,

181 Tompo Jesosy, mivavaka aho mba Hanambaranao an'izao ao anatin'ireto fo ireto. Amin'ny Anaran'i Jesosy.

. . . fo hampifaliana,
Oh, henoy ny Feon'i Jesosy.

Naoty mamy indrindra ao amin'ny feon'ny serafima,
Anarana mamy indrindra . . .

182 Ankehitriny ianareo olona marary ireo dia manomboha fotsiny manala ny fisalasalana rehetra. Maro aminareo no tsy mbola nahita an'izao mihitsy taloha. Manaova hoe, "Mino an'izany aho, na izany aza."

Jesosy, Jesosy sarobidy.

183 [Manomboka misamonomonona ny *Ilay Mpitsabo Lehibe* Rahalahy Branham, ary nihato nandritry ny telopolo segondra—Mpand.]

184 Antenaiko fa tsy fanatika aho. Saingy ilay izy dia miseho amiko fotsiny toy ny hoe miditra ao amin'ny efitranoko aho,

misintona an'ilay varavarana miaraka, miditra ao amin'ilay trano kely miafina dia manidy an'ireo varavarana. Misintaka mihitsy amin'ny mpanatrika rehetra avy amin'ny manodidina aho ankehitriny, hitanareo. "Ary mivavaha amin'ny Rainareo izay mahita ao amin'ny miafina, ary Izy izay mahita ao amin'ny miafina no hamaly soa anareo miharihary. Mangataha, dia homena izany; mitadiava, dia hahita ianareo; mandondona, dia hovohana izany; fa izay mitady no mahita."

185 Eritrereto hoe eto Izy ankehitriny. Ilay hitanareo eo amin'ny sary ery, ilay Hazavana, ilay Hazavana Boribory, tsy lavitra Izy. Mpamantatra ny fisainana Izany. Kristy Izany. "Vetivety foana . . . Avy tamin'Andriamanitra Aho, ary hiverina amin'Andriamanitra Aho." Nanao Izy. Niverina tany amin'izay nisy Azy. Rehefa miverina indray Izy, dia ho ao anatin'ny vatan'olona Izy iray tahaka ny naha-izy Azy, ny Tompo Jesosy.

186 Mety hilaza ianareo hoe, "Rahalahy Branham, inona ity ataonao?" Manao ny tenako hilefitra fotsiny. Ankehitriny izany dia . . . Mitsangana eto fotsiny aho.

187 Tsy fampisehoana iray ity ankehitriny. Tsia, tompoko. Aza mieritreritra an'izany ianareo, ho lasa any amin'ny tany ratsy ianareo.

188 Ilay izy dia manandrana, manandrana manery ny hiditra any ho any. Eo amin'ny fikendrena ny Tenin'Andrimanitra. Nilaza aho fa izany Izy. Ahoana moa raha tsy izany Izy? Hihazona ny Teniny foana Izy. Tsy matahotra ny amin'izany aho.

189 Olona anankiray, any ho any, no hahakasika an'io sisin'Akanjony io. Hoy ny Baiboly hoe, "Izy ankehitriny no," izao ankehitriny izao, "Mpisoronabe izay mety ho voakasiky ny fahatsapan'ny fahalementsika."

190 Mijery ahy amin'ny fahatsoram-po tokoa ianao, ramatoa, mipetraka ery izay manao akanjo mangamanga. Tsy mahafantatra anao aho, tsy mino aho. Toa ohatry ny tsy mety mahazo fifandraisana aho na aiza na aiza miaraka amin'ny finoan'olona anankiray. Angamba mety hanampy izany. Mila zavatra avy amin'Andriamanitra ve ianao? Raha vahiny aminao aho, dia atsangano ny tànanao. [Hoy ilay anabavy hoe, "Tsy mihevitra aho fa mahalala ahy ianao, Ranadahy Branham, fa izaho mahafantatra anao."—Mpand.] Tsy mahafantatra anao aho, fa ianao no mahafantatra ahy. Eny àry. Tsy manana hevitra mihitsy aho ny amin'izay maha-eto anao. Tsy mbola nahita anao mihitsy aho teo amin'ny fiainako, araka ny fantatro. Mety efa tao amin'ny fivoriako angamba ianao tany ho any. Raha hiteny amiko ny Tompo Jesosy hoe inona ny aretinao, dia hino an'izany ve ianao? Tsy maintsy mino an'izany ianao raha fahamarinana izany. Ary angamba izany no hanome finoana ho an'ny hafa, handeha hiasa, hitanao. Izaho tsy mahafantatra. Mahita anao

fotsiny eo aho mijery ahy. Saiky tsy mety afaka manala ny masonao amiko fotsiny ianao. Tery ianao.

191 Ity vehivavy mipetraka eto aloha ity, fantatro izy. Ireto olona *eto* ireto, dia fantatro.

192 Tsy mihevitra aho fa nahafantatra anao. Tsy mahafantatra aho, fa Izy dia mahafantatra. Ary raha manana ilaina ianao, tena tahaka ny nitsangananao fotsiny eto amin'ny lampihazo eto.

193 Eny. Ankehitriny dia afaka mahita ny rehetra. Antenaiko fa afaka ianareo. Amiko ilay izy, dia, tena maloka ilay vehivavy. Saingy manana zavatra hafa tsy mety izy. Tratry ny aretin-koditra izy. Marina izany. Atsangano ny tànanao raha marina izany. Eo amin'ny vatany izany izay tsy miseho, saingy manana izy. Izany no marina. Hitanao, fifandraisana iray fotsiny.

194 Raha, "Hoy izy, 'Mijere anay.' Ary raha mbola nibanjina azy izy ireo, dia hoy i Paoly hoe, 'Hitako fa manana finoana ny ho sitranina ianao.'"

195 Ahoana ny amin'ilay ramatoa kely mipetraka eo akaikinao io? Karazan'ny mamaky eo amin'ny sakana iray izany, ho azy, satria nivavaka ihany koa izy. Tsy mahafantatra anao aho. Samy vahiny isika. Marina izany. Raha hanambara amiko ny Fanahy Masina hoe inona ny aretinao na inona no maha-eto anao, na zavatra iray ao amin'ny fiainanao izay fantatrao fa tsy fantatro, hino ve ianao fa izany no . . . fa izany Hery izany, Hery tsy hita maso, dia avy amin'i Kristy? Te-hanontany zavatra aminao aho. Izao ankehitriny izao, manana fihetseham-po ianao eo aminao, tena malemy fanahy, mora fanahy, fihetseham-po manetry tena. Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao. Hitanao? Izay ilay izy. Eo amboninao eo mihitsy no mitsangana ilay Hazavana. Ary ianao dia mararin'ny aretina avy ao amin'ny tongotrao sy ny ranjonao. Marina izany. Sa tsy izany? Ahofahofao amin'ny olona ilay mosara, raha marina izany, mba hahitan'izy ireo. Tsy mihevitra aho fa ho voaelingelin'izany intsony ianao. Izany no . . .

196 Inona no manao an'izany? Inona no . . . Misy olona eto izay tsy mbola hitako mihitsy teo amin'ny fiainako. Inona no manao an'izany? Roa izay.

197 Misy tovolahy iray mipetraka eo akaikin'ilay vehivavy mihitsy, io mihitsy ankehitriny. Ary nanomboka nitomany izy vantany vao nikasika Izany. Izany dia zavatra anankiray hafa mikasika an'ilay vehivavy . . . Tsia. Ilay tovolahy ilay izy, ny tenany. Voaelingelin'ny tendany sy ny lohany izy. Marina izany. Mino aho fa vahiny amiko ianao, ry tovolahy. Tsy mbola nahita anao mihitsy aho. Marina izany. Marina izany. Marina izany. Atsangano ny tànanao.

198 Misy olona telo, mipetraka eo amin'ny laharana iray. Tsy mbola hitako mihitsy, tsy nisy fifandraisana, teo amin'ny fiainako, tamin'ireo olona ireo. Hino ve ianareo?

199 Olona anankiray amin'*ity* ilany ity ankehitriny, izay *eto*. Firy no marary sy mila zavatra, ato amin'ity ilany ity? Atsangano ny tànanareo, ny tsirairay ato amin'ity ilany ity, izay mila zavatra. Oh, tena manerana mihitsy ilay izy. Eny àry. Ankehitriny dia manohiza mino fotsiny.

200 Ilay lehilahy izay mipetraka, mijery ahy, tsy maintsy mahita an'i Kristy ianao fa raha tsy izany dia maty. Hamono anao ny homamiadana. Andriamanitra no mpanasitrana.

201 Ity ramatoa efa somary zokiny ity izay mipetraka *eto*, eto amin'ilay seza eto mihitsy. Marary izy miaraka amin'ny aretimbavony sy aretin-kozatra. Izany no tena marina. Mino ve ianao fa vita ilay izy?

202 Ianao izay mitodika mijery azy. Mino ve ianao? Manana zavatra ilaina ianao, avy amin'i Kristy. Mino ahy ho Mpanompony ve ianao? Io fivontosana izay tianao esorina io, mino ve ianao fa hanao an'izany Andriamanitra? Tsy mahita an'ilay fivontosana aho, saingy ao ilay izy. Eo amin'ny hatokao ilay izy, ao aoriana. Angamba raha hiteny aminao aho hoe ny anaranao dia Ramatoakely. Welsh, dia hino ahy ve ianao amin'izay fotoana izay? Izany ve ilay izy? Marina izany. Sa tsy izany? [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny, izany ilay izy."—Mpand.] Eny àry. Tsy mbola nahita anao mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Fantatrao izany. Ah-hah. Manana finoana an'Andriamanitra ianao.

203 Misy famantaran'ny fahafatesana anankiray eo ambonin'ilay vehivavy kely izay mipetraka etsy, homamiadana, ihany koa. Mino ve ianao, ramatoa, fa hanao anao ho tsara Andriamanitra? Hino ianao? Mararin'ny homamiadana. Aloka mainty ilay mihantona eo amboninao. Lazaiko anao ankehitriny, lasa ilay izy, raha hino ianao.

204 Tsy fantatro ilay vehivavy. Tsy mbola nahita azy mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Tsy misy fantatro ireto olona ireto, raha ny fahalalako azy. Hino ve ianao?

205 Mijery lehilahy iray aho. Tsy heveriko fa efa mba nahita azy aho taloha, teo amin'ny fiainako. Mararin'ny hernia izy. Mino ve ianao fa hanasitrana anao ny Tompo, tompoko, an'io hernia io, hanao anao ho tsara? Ny vadinao dia tratry ny fikorontanantsaina sy fahalemena. Rev. Reed, izany no anaranao. Tsy mahafantatra anao aho. Tsy avy eto amin'ity tanàna ity ianao, na izany aza. Avy any Ohio ianao. Izany no marina. Raha marina izany, dia mitsangàna. Vita daholo ilay izy ankehitriny, ho anao sy ny vadinao, ianareo roa.

Minoa amin'ny fonareo rehetra. Afaka ny hino ve ianareo ankehitriny?

206 Ery aoriana ery amin'ity laharana ity, ery aoriana mankany amin'*ity* làlana ity, tsy mahita an'io Hazavana mihantona eo io ve ianao? Izany dia vehivavy iray mararin'ny tsimok'areti-

mifindra, eto amin'ity laharana eto ity mihitsy. Tsy avy eto amin'ity tanàna ity ianao. Ianao dia avy amin'ny toerana iray antsoina hoe Columbus, Indiana. Ny anaranao dia Elisabeth. Ianao dia mipetraka eo amin'ny làlana antsoina hoe Ohio Street. Ny nomeraonao dia 1932 Ohio Street. Mandehana, minoa. Niala taminao ilay izy ankehitriny. Manàna finoana.

207 Ary ankehitriny dia nifindra ilay Fanahy. Mandeha amin'*ity* làlana ity Izy, lasa *eto*, mankeo amin'ny lehilahy iray. Ary misy fifandraisana . . . Tsia. Izany dia, avy any Columbus izy. Ary izy dia mararin'ny areti-maso ary va—vay anankiray. Mino ve ianao fa ny Tompo Jesosy dia hanasitrana anao, tompoko, hanao anao ho tsara? Ary ny zanakalahin'ny iray tampo aminao izay mipetraka eo anoloanao io, ny zanaky ny anabavinao, dia tratry ny karazana aretin-taolana, ka tsy hihinana izy ankehitriny. Izany no mahatonga azy ho karazan'ny toa sarotsarotiny. Raha hino amin'ny fonao rehetra ianao, dia mety ho tsara ianao. Manàna finoana an'Andriamanitra.

208 Firy aminareo no mino ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

209 Mahita aloka hafa anankiray an'ny homamiadana aho mipetraka etsy. Raha hino amin'ny fonao rehetra ianao, ranabavy, dia ho vita izany. Afaka . . .

210 Efa any ankoatr'ilay tsipiky ny fisalasalana ve ny finoanareo ankehitriny? Firy no mino fa efa any ankoatr'ilay tsipiky ny fisalasalana ny finoanareo? Atsangano ny tànanareo. Noho izany dia inona sisa no tavela afa-tsy ny mandeha am-pahafahana? Tapitra daholo ilay izy.

211 Ireto zazavavy kely izay mipetraka eo ambony seza eto ireto, fantatro ianareo. Tsy nahafantatra anareo aho omaly hariva, fa mahafantatra anareo aho ankehitriny. Nahalala ny aminareo aho, androany, avy tamin'ny vadiko. Ny anaran'ny reninareo dia Fulkerson talohan'ny nanambadiany. Ary izany dia aretina iray izay tsy misy olona mahafantatra na inona na inona momba azy. Tratry ny areti-mifindra fotsiny ireo rantsan-tànanareo, ary tratry ny aretin-drà ianareo, mitovitovy, na zavatra eo amin'ny tànanareo, ary ny zavatra voalohany fantatrareo, dia nihintsana ireo rantsan-tànanareo, sy ny sisa. Ianareo zazavavy kely anankiroa ireo. Ramatoa kely anankiroa tsara tarehy ianareo. Fantatro ny reninareo. Ny renibenareo dia sitrana indray hariva rehefa nandeha tany aminy aho, roapolo taona mihoatra lasa izay, tamin'ny TB [Raboka—Mpand.]. Marina izany. Rtoa. Fulkerson.

212 Andriamanitra anie hiteny mafy an'io devoly izay manelingelina anareo zazavavy kely tsara tarehy ireo! Enga anie ilay Hery izay nanangana an'i Jesosy avy tao am-pasana, handroaka an'io zavatra io, ka tsy hanelingelina anareo intsony

mihitsy. Miteny izany amin'ny fahefan'ny Tenin'Andriamanitra aho. Tokony ho tezitra amin'ilay Devoly ianareo.

213 Andriamanitra no manome antsika ny fandresena. Azontsika izany izao ankehitriny izao. "Io no fandresena izay mandresy an'izao tontolo izao, na dia ny finoanareo aza."

214 Ianareo rehetra izay mino fa sitrana tamin'ny Heriny ianareo, mitsangàna amin'ny tongotrareo ary omeo Azy ny dera, na aiza na aiza ato amin'ny tranobe. Atsangano ny tànanareo ankehitriny ary ndao isika hidera Azy.

215 Misaotra Anao, Tompo Jesosy, ny amin'ny Herinao manasitrana. "Io no finoana izay mandresy. Io no fandresena, na dia ny finoanay aza." Ambaranay izy ireo ankehitriny hoe sitrana, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Ekeo izany, Tompo.

Ho Deraiko Izy, Gertie. *Ho Deraiko Izy*.

216 Efa niala tamin'ilay tsipiky ny sakana ve ianareo? [Mifaly ny fiangonana.—Mpand.]

> Derao ilay Zanak'ondry voavono ho an'ny mpanota;
> Omeo voninahitra Izy, ianareo olona rehetra,
> Fa ny Ràny no nanasa ny pentipentina tsirairay.

Eny àry, mandehana miaraka amin'izany ankehitriny.

> Ho deraiko Izy, ho deraiko Izy,
> Derao ilay Zanak'ondry voavono ho an'ny mpanota;
> Omeo voninahitra Izy, ianareo olona rehetra,
> Fa ny Ràny no nanasa ny pentipentina tsirairay.

217 Henoy. Mbola mino foana aho, ry sakaiza, fa tsy afaka hianika an'io toerana io ianareo. Izaho tsy hamela ny Devoly haharesy an'izao karazana fivoriana izao. [Nandondona inefatra ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Tsy misy antony ho an'izany. Efa voatory ny Filazantsara, ary eto Kristy mba hanamarina an'izany. Mpandainga ny Devoly. Ianareo dia, ny tsirairay avy, nositranin'i Jesosy Kristy. Manere miaraka amin'ilay finoana eo. Izay no izy. Anareo izany. Aza mitsinkafona intsony. Miorena mafy eo Kalvary, ary omeo Azy ny dera sy ny voninahitra. Lazao Azy fa tia Azy ianareo. Lazao Azy fa mankasitraka Azy ianareo. Ary ialao ilay tsipika mampisaraka, dia hanasitrana anareo Andriamanitra ary hanao anareo ho tsara. Tena ataovy matotra ilay izy. Aza tenenina fotsiny ilay izy. Ataovy matotra avy ao amin'ny fonareo ilay izy, ary omeo Azy ny dera.

Ho deraiko Izy, (Avy ao amin'ny fonareo ankehitriny, eo àry!) ho deraiko Izy,
Derao ilay Zanak'ondry voavono ho an'ny mpanota;
Omeo voninahitra Izy, ianareo olona rehetra, (Omeo Azy ny dera!)
Fa ny Ràny no nanasa ny pentipentina tsirairay.

218 Karazana pentipentina inona? Pentipentin'ny fisalasalana. "Sitrana aho ankehitriny. Ny dian-kapoka Taminy no nanasitrana ahy. An'ny Tompo aho. Lasa ireo aretiko. Ho deraiko Izy. Ho deraiko Izy. Hanome voninahitra Azy aho. Hiantsoantso fandresena aho. Hilaza Aminy aho hoe tiako Izy. Mino Azy aho. Afaka aho." Haleloia!

. . . olona,
Fa ny Ràny no nanasa ny pentipentina tsirairay.

Ho deraiko Izy, ho deraiko Izy,
Derao ilay Zanak'ondry voavono ho an'ny mpanota;
Omeo voninahitra Izy, ianareo olona rehetra,
Fa ny Ràny no nanasa . . . (Izany no izy. Mitsofoha ao!) . . . pentipentina tsirairay.

Ho deraiko Izy, izaho . . . (Haleloia! Haleloia!)
Derao ilay Zanak'ondry voavono ho an'ny mpanota;
Omeo voninahitra Izy, ianareo olona rehetra,
Fa . . . (Izany no izy!) . . . nanasa ny pentipentina tsirairay.

Ho deraiko Izy, (Fanasana mitohy fotsiny an'ny Rà!) . . . Izy,
Derao ilay Zanak'ondry voavono ho an'ny mpanota;
Omeo voninahitra Izy, ianareo olona rehetra,
Fa ny Ràny no nanasa ny pentipentina tsirairay.

219 Voninahitra! Derao ny Tompo! Tianareo ve Izy? [Midera fatratra ny Tompo ny fiangonana—Mpand.] Derao Izy! Derao Izy! Kristy be voninahitra! Andriamanitra be voninahitra, velona manatrika eto ankehitriny! Ilay Jehovah Andriamanitry ny Testamenta Taloha, manatrika amin'ity andro ity! "Mahafinaritra sy mahatalanjona toy ny inona ireo Asany!" "Ireo Famantarany sy fahagagany dia hita mandalo." Oh, mahafinaritra toy ny inona! Oh, be voninahitra Izy!

220 Firy aminareo no mahatsapa ny Fanatrehan'Andriamanitra amin'izao ankehitriny izao? [Mifaly fatratra ny fiangonana—Mpand.] Azo antoka! Ankehitriny dia avelao ny fisalasalana rehetra halazo hiala aminareo. Sitrana ianareo. Ny dian-kapoka Taminy no nanasitrana anareo. Tapitra ilay izy. Derao sy omeo voninahitra Izy!

221 Ilay Fanahy Masina, izay mirotsaka manerana ny tranobe! Ilay Boriborin'ny Hazavana lehibe, mihodikondina amin'ilay toerana! Mahafinaritra toy ny inona! Toy ny ahoana no itiavantsika Azy!

Ary rehefa vita ny ady, dia hitondra satroboninahitra isika!
Eny, hitondra satroboninahitra isika! Eny, hitondra satroboninahitra isika!
Ary rehefa vita ny ady, dia hitondra satroboninahitra isika,
Ao amin'ilay Jerosalema vaovao.

Hitondra satroboninahitra, hitondra satroboninahitra,
Hitondra satroboninahitra mamiratra sy manjelatra.
Ary rehefa vita ny ady, dia hitondra satroboninahitra isika
Ao amin'ilay Jerosalema vaovao.

Hitondra satroboninahitra, hitondra satroboninahitra,
Hitondra satroboninahitra mamiratra sy manjelatra.
Ary rehefa vita ny ady, dia hitondra satroboninahitra isika
Ao amin'ilay Jerosalema vaovao.

222 Izao dia, araka ny hevitro, tahaka an'ilay Fanahy Masina fotsiny izay nirotsaka tamin'ny Andron'ny Pentekosta, izay nanapatapaka an'ireo rojo.

223 Vao avy nahatsikaritra fotsiny aho, fa mitsangana eto amin'ny fivoriana ny rahalahy Mennonite anankiray. Tany Indianapolis, niditra izy, ary tratry ny androbe nandritry ny taona maro, maro. Ary niantso azy ny Fanahy Masina, tao amin'ilay fivoriana, mino aho fa izay ilay izy. Ary tsy nanana fihetsehan'izany intsony mihitsy izy. Nanasitrana azy ny Tompo Andriamanitra ary nanao azy ho lavorary, tsara; mpitory teny Mennonite anankiray.

224 Oh, tsy mahafinaritra ve Izy! Tsy misy na iza na iza mahafantatra, fa ireo izay efa nanandrana ny Fahatsarany ihany, no mahafantatra hoe tsara toy ny ahoana Izy!

225 Ankehitriny, sakaiza, araka ny hevitro, dia izao no fivavahana fahiny, rehefa miditra eo afovontsika Jesosy Kristy Tompo ka mitahy antsika. Tena faly izahay fa eto ianareo. Mino aho fa ny olona tsirairay izay ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra dia, izao ankehitriny izao, raha nampitambotsotra ny fisalasalana rehetra any aoriana any ny finoanareo, dia afaka ianareo ankehitriny. Aza milaza aretina intsony mihitsy, manomboka izao. Mandrosoa. Efa nametraka

ny momba anareo teo amin'ny dokotera anankiray ianareo; apetraho amin'i Jesosy izany ankehitriny. Izy no nandidy anareo ary nanaisotra ny fisalasalana rehetra, mba hahafahanareo mahazo an'ilay izy. Ny Tompo hitahy anareo.

Izao no fivavahana fahiny,
Ary tena tsara amiko izy.

Izao no fivavahana fahiny,
Izao no fivavahana fahiny,
Izao no fivavahana fahiny,
Ary tena tsara amiko izy.

Manao ahy ho tia ny olon-drehetra,
Manao ahy ho tia ny olon-drehetra,
Manao ahy ho tia ny olon-drehetra,
Ary tena tsara amiko izy.

Oh, izao no fivavahana fahiny,
Izao no fivavahana fahiny,
Izao no fivavahana fahiny,
Ary tena tsara amiko izy.

. . . rehefa maty aho,
Ho izy izany rehefa maty aho,
Ho izy izany rehefa maty aho,
Ary tena tsara amiko izy.

Izao no fivavahana fahiny,
Izao no fivavahana fahiny,
Izao no fivavahana fahiny,
Ary tena tsara amiko izy.

Ny Finoana No Fandresentsika MAG58-1004
(Faith Is Our Victory)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Asabotsy hariva, 4 Oktobra, 1958, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2014 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org